TRUTH CENTERED TRANSFORMATION

MODULE

MOMBA NY VOLA

TOROLALANA HO AN'NY MPAMPIANATRA

Truth Centered Transformation is a ministry of Reconciled World. Learn more at tctprogram.org.

Reconciled World

Fanovana Mifototra amin'ny Fahamarinana—Lohateny: Momba ny Vola v3.6. Fahazoan-dalana ©2018 Reconciled World, Phoenix, Arizona, United States of America. www.reconciledworld.org

This work is made available under the terms of the Creative Commons Attribution–ShareAlike 3.0 license. You are permitted and encouraged to adapt the work, and to copy, distribute, and transmit it under the following conditions:

Attribution – You must attribute the work by including the following statement: Copyright © 2018 Published by Reconciled World (www.reconciledworld.org) under terms of the Creative Commons Attribution–ShareAlike 3.0 license. For more information, see www.creativecommons.org.
Non-Commercial – You may not use this work for commercial purposes.

If you are interested in translating this material, please contact info@tctprogram.org.

All scripture quotations, unless otherwise indicated, are taken from the Holy Bible, New International Version®, NIV®. Copyright ©1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.TM. Used by permission of Zondervan. All rights reserved worldwide. www.zondervan.com. The "NIV" and "New International Version" are trademarks registered in the United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.TM.

Mialoha ny Hanombohana

Teny manokana ho an'ny mpandrindra ny Lesona Momba ny Vola

Amin'ity Boky fianarana ity dia misy fandinihana **tenin'Andriamanitra** ary misy lesona ianarana koa. Ny fandinihana **tenin'Andriamanitra** dia atao eny am-panombohana ny fotoana fianarana.

Raha misy fanovana hifanaraka amin'ny fomba eo amin'ny toerana misy anao dia tsara tadidina ireto teboka manaraka ireto:

- Fantaro ireo zava-tsarotra mikasika ny fisainana momba ny "manome sy ny fanaovana ampahafolon-karena"
- Jereo mialoha ny karazam-bola ampiasaina
    - Ohatra: Ny vola amerikana Dollars no ampiasaina amin'ity lesona ity nefa raha adika dia tokony ho ny karazam-bola ampiasain'ny firenena ampiasana azy

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Raha mihoa-pampana be ny ohatra na ny kilalao atao dia aza ovaina akory fa azavao fotsiny hoe vola amerikana no nanaovana azy ka izay no mahatonga ny fihoarana be. Ataovy azo antoka fa maka ohatra araka ny vola ampiasaina eo an-toerana ny mpianatra rehefa manomana ny fanazarana ataony.*

Fiomanana raha hampianatra lesona

1. Vakio tsara **ny Torolalana ho an'ny Mpampianatra**. Averimbereno raha azo atao. Asio loko marevaka na asio naoty an-tsisiny hitadidianao ireo teboka manan-danja.
2. Jereo ireo **hevi-dehibe** isaky ny lesona hahafantaranao ny zavatra tokony ho voarain'ny mpianatra isaky ny lesona ianarana.
3. Vakio mialoha **ny tenin' Andriamanitra** hodinihina.
4. Fantaro ary omano mialoha ireo **fitaovana ilaina** amin'ny fampianarana ary ataovy azo antoka fa manana dika mitovy amin'ny toro-lalana ho an'ny mpianatra ianao ary koa voaomanao ireo fanampy maso mety ilaina rehetra ho an'ny lesona ampianarina.
5. Ataovy manavanana anao **ny hetsika** rehetra tokony atao ao anaty lesona, (ny anjara lalaovina, ny kilalao, ny fampiasana ireo fanampy maso). Afaka manao fanazarana ianao miaraka amin'ny fianakaviana ao an-trano na miaraka amin'ireo namana.
6. Makà fotoana **hivavahana** ho an'ny mpianatra hanomanan'Andriamanitra azy ireo handre izay tian'Andriamanitra horenesiny, ary ho anao koa hanampiany anao amin'ny fampiasana ireo fitaovana hampianarana. Tadidio fa amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra ihany no hahitantsika fiovana amin'ny fiainan'ny olona.

Manao Ahoana ny Fampiasana ny Torolalana ho an'ny Mpampianatra

1. **Hevi-dehibe sy Fitaovana:** Ny lesona tsirairay dia manomboka amin'io.
    a. **Ny Hevi-dehibe** – Misy hevitra tsara marobe ao anatin'ny lesona tsirairay ka ny mpandray anjara dia tokony hahazo tsara an'io any am-pamaranana ny lesona tsirairay. Tsara raha

manontany tena ianao raha mahatadidy tsara ireo hevi-dehibe tao anaty lesona ny mpianatra taorian'ny nampitanao azy. Makà fotoana hamerimberenanao matetika ny fitadidiana ireo hevi-dehibe hahatonga azy io ho voarain'ireo mpianatra ary hanampy azy hitadidy.

b. **Fitaovana** – Ireo fitaovana manokana ilaina isaky ny lesona dia efa voatanisa, ao anatin'izany ny Fanampy maso sy ny Torolalana ho an'ny Mpianatra. Ity Torolalana ho an'ny Mpampianatra ity dia mampahafantatra ny fotoana tokony hampiasana ny :
    i. **Ny TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA** – izay hisy soratra sahala amin'io.
    ii. **Ny FANAMPY MASO** – koa dia hisy soratra sahala amin'izao.

Fizarana 1:
Lesona Fandinihana Soratra Masina
Fandinihana 1:
Fomba fijery ara-baiboly mikasika ny vola
Tapany Voalohany

Hevi-dehibe

- Tsy ny vola no hifantohana
- Tokony hiasa mafy isika hananantsika ny ampy hamelomana ankohonana sy hanomezana ny mahantra.

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Fandinihana voalohany (Dika 1 isan'olona)

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Inona avy ireo an-dalan-tsoratra masina fantatrao mikasika ny vola?
- Inona avy ireo fitsipika azontsika ianarana mikasika ny vola voalaza amin'ireo an-dalan-tsoratra masina ireo?
- Heverinao ve fa mamaky loha an'Andriamanitra ny fampiasantsika ny volantsika?
- Iza no ara-panahy kokoa, ny manana harena sa mahantra?

Manan-kolazaina betsaka mikasika ny vola ny Baiboly. Raha ny tena marina dia in-droan'ny an-dalana milaza mikasika ny finoana sy ny vavaka mitambatra ny an-dalana milaza mikasika ny vola. Tena heverin' Andriamanitra mazava tsara fa zava-dehibe io. Afaka ny ho fanampiana ho antsika ny vola nefa mety hahalavo antsika koa. Sedra atrehintsika amin'ny fotoana rehetra izy io ka tokony hianatra hampiasa azy io araka ny fomba mahafaly an'Andriamanitra isika.

Tsy tokony hifantoka amin'ny vola isika

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

***Torohevitra ho an'ny Mpandrindra**: Zarao ny **TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA**: Fandinihana voalohany: Ao anatin'ny vondron'olona 3 na 4, ataovy ny tapany voalohany amin'ny torolalana ho an'ny mpianatra avy eo asaivo manao tatitra.*

Vakio Matio 6:19-24; 33.

Ity an-dalana ity dia ampahany amin'ny toriteny nataon'I Jesosy teo an-tendrombohitra. Jesosy no miresaka amin'ny mpianany eto mikasika ny fiainana ao anaty fanjakan'Andriamanitra.

- Inona no azontsika ianarana mikasika ny vola ao amin'io an-dalana io?
- Inona no dikan'ny hoe manompo vola?
    - *Mamela ny vola hanapaka antsika. Hofehezin'ny vola na amin'ny alalan'ny fiezahana hahazo azy, mitebiteby mikasika azy na miezaka hatrany ny hahazo azy bebe kokoa.*

- Midika ve izany fa tsy tokony hieritreritra mikasika ny vola mihitsy isika?
    - *Tsia, tokony hieritreritra mikasika ny vola isika fa tsy tokony hamela azy hifehy ny fiainantsika. Tokony ho mpitantana hendry sy mahay isika.*
- Inona no dikan'ny hoe miharia harena ho anareo any an-danitra? Ahoana no hanaovana izany?
- Inona no maha samihafa ny fampianaran'I Jesosy amin'ny kolontsaintsika na ny fomba mahazatra antsika?
- Inona no lazain'io an-dalana io fa tokony hifantohantsika?

Vakio 1 Timoty 6:6-11.

- Ahoana no tokony ho toe-pontsika manoloana ny vola?
    - *Raha manana ny ampy ho an'ny sakafo sy fitafiana isika dia tokony hianina amin'izay.*
- Inona ny maha zava-doza ny fifantohana amin'ny vola na ny fitiavana azy?
    - *Mora mampanota, mora alaim-panahy hanao ratsy hahazoana vola.*
    - *Sarotra ny hanome malalaka raha be ny fitiavam-bola.*
    - *Mora manao tsinontsinona an'Andriamanitra, lasa sarotra ny manao asan'Andriamanitra na mitia ny hafa raha miezaka hatrany ny hahazo vola bebe kokoa.*

TATITRA

Araka ny hitantsika amin'ireo an-dalana ireo dia tsy tokony hihoa-pampana ny fitiavantsika vola na koa hihazakazaka hitady vola be. Rehefa maty isika dia tsy afaka hitondra ny volantsika na zavatra hafa miaraka amintsika. Tsy ny hamaroan'ny volantsika no zava-dehibe fa ny maha Kristiana antsika sy ny fomba nandaniantsika ny fiainantsika. Tsy ny hanam-bola be araka izay azo atao no tanjona ifantohantsika amin'ny fiainana fa ny hiaina araka ny fomba manome haja sy voninahitra an'Andriamanitra.

Tsara ny miasa

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Indraindray dia mety ho diso fandraisana isika ny amin'ny fampianaran'ny Baiboly mikasika ny vola ka manomboka mino fa samy ratsy na ny vola na ny asa. Tokony hiasa mafy isika nefa tsy noho ny antony mba hahazo vola be ho antsika irery ihany, fitiavam-be be loatra izany. Ny Baiboly dia manome antony hafa tokony hanosika antsika hiasa mafy hahazoantsika vola.

Vakio 2 Tesaloniana 3:6-15.

Nalahelo lalina ny Apostoly Paoly raha nandre tatitra fa misy tsy miasa ny mpino ao amin'ny fiangonana ao Tesalonika.

- Manao ahoana ny toe-pon'I Paoly manoloana ny asa?
- Nahoana no nisafidy hiasa izy toy izay hampiasa ny fotoanany rehetra hanofana ny mpino ao am-piangonana ihany?
- Inona no tokony hitranga amin'ireo izay tsy miasa mafy?

Vakio 1 Timoty 5:8.

- Ahoana no lazain'I Paoly mikasika ny famelomana ankohonana?
- Araka ny hevitrao, nahoana no mampiasa teny mahery sahala amin'izany izy?
    - *Niteny mafy ireo izay tsy mamelona ny ankohonany Paoly. Andriamanitra dia tsy nahary antsika hipetra-potsiny fa hamelona ireo izay ambany fiandraiketantsika. Tsy miteny an'ireo izay miasa mafy nefa tsy mahazo ny ampy izy fa ireo izay kamo ka mandany ny fotoanany amin'ny zavatra hafa ka tsy mahakarakara ny ankohonany.*

Vakio Efesiana 4:28.

- Inona no lazain'I Paoly mikasika ny asa?
- Nahoana no tokony hiasa isika?
    - *Mamporisika ny Efesiana hiasa Paoly mba hahafahan'izy ireo manome ny tsy manana.*

Amin'ny maha olon'Andriamanitra antsika dia nantsoina hiasa mafy mampiasa ireo fahaiza-manao ananantsika isika hahazoana vola hamelomantsika tena, ny tsy manana, ireo mpiara-miasa amintsika ary koa ny mahantra. Ratsy ny fitiavam-bola fa manome voninahitra an'Andriamanitra kosa ny miasa mahazo vola hanohanana sy hamelomana ny ankohonana ary ny hafa.

Vakio Genesisy 2:2.

- Iza no olona niasa voalohany indrindra?
- Inona amintsika no dikan'ny ohatra mikasika ny asa nataon'Andriamanitra?
    - *Andriamanitra no mpiasa voalohany indrindra. Ny Baiboly dia milaza fa natao araka ny endrik'Andriamanitra isika. Izany dia midika fa nohariana hiasa koa isika. Manaja sy manome voninahitra an'Andriamanitra isika rehefa manaraka ny ohatra nataony.*

Vakio Genesisy 2:15, 18.

- Inona ny tanjon'Andriamanitra nametrahany ny olona tao amin'ny saha?
- Inona no tanjon'Andriamanitra namoronany ny vehivavy?
    - *Andriamanitra nametraka ny olona tao amin'ny saha mba hiasa sy hitandrina azy. Eo amin'ny andininy faha 18 dia lazain'Andriamanitra fa tsy tsara amin'ny lehilahy ny irery amin'ny asa ataony ka izay no nanamboarany ny vehivavy ho mpanampy matanjaka ho an'ny lehilahy. Io dia midika fa samy nohariana hiasa izy roa na dia amin'ny fomba samihafa ny hanatanterahana izany ka mahatonga ny andraikitra ho tsy mitovy.*

Vakio Eksodosy 20:8.

- Firy andro no tokony hiasana?
- Ary firy andro no tokony hialana sasatra?
    - *Tsy tokony handany ny tontolo androntsika amin'ny tsy fanaovana na inona na inona isika na koa miasa be loatra hahazoana vola be ka tsy hahafantatra miala sasatra na andro iray ao anatin'ny herinandro aza. Io didy io dia notenenin'Andriamanitra tamin'izany tamin'ireo olona izay mitady vola amin'ny alalan'ny fiompiana sy fambolena. Misy fotoana, marobe ny asa ka toa tsy misy hakana aina mihitsy ary indraindray toa tsy misy indray ka mampipetra-potsiny. Ny zava-dehibe dia ny fahaizantsika mandany ny fotoanantsika araka ny fomba manaja sy manome voninahitra an'Andriamanitra.*

FANDINIHANA

Makà roa minitra amin'izao hieritreretana mangina mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Manaraka ny didin'Andriamanitra ve ianao raha fomba fitadiavam-bola no resahina?
- Fiovana manao ahoana no tokony ataonao raha hitanao fa misy tokony hovaina amin'ny fomba fitadiavanao vola?

TSIROAROA

Mifanakaloza hevitra mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto ny amin'ny fiainanareo manokana ary mifampitondrà am-bavaka. Efa voatanisa amin'ny tapany ambany amin'ny takelaka nomena anareo izany.

Tsy tokony zavatra ifantohantsika ny vola:

- Tia vola ve aho? Mieritreritra foana ny amin'ny tokony hahazoana vola bebe kokoa hatrany ve aho?

- Mianina amin’ny azoko ve aho?
- Mihary harena an-danitra aho sa ety an-tany?

Tsara ny Asa:

- Miasa mafy foana ve aho?
- Manana ny ampy hahafahako manohana sy mamelona ny ankohonako ve aho?
- Iza avy ireo mila fanampiana amin’ny fiaraha-monina misy ahy? Ahoana no hahafahana manampy azy ireny? Raha izaho manokana na ny vondrona misy ahy?

Fandinihana Faha 2:
Fomba fijery ara-Baiboly mikasika ny vola
Tapany Faha 2

Hevi-dehibe

- Andriamanitra dia efa nampanantena fa hamatsy antsika. Raha tsy manana ny ampy isika ny amin'ny zavatra fototra ilaintsika dia tokony handinika ny antony mahatonga izany.
- Tokony hahay hitantana ny volantsika isika.

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Fandinihana faha2 (Dika 1 isan'olona)

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Nianarantsika teo fa tsy tokony zavatra hifantohantsika ny vola, ary isika dia tokony hiasa mafy hahazoantsika vola ampy hamelomantsika ankohonana sy hahafahantsika manome ny mahantra.

- Inona koa ireo zavatra hafa lazain'ny Baiboly mikasika ny vola?
- Inona avy ireo teny fikasana ao anaty Baiboly mampahery antsika raha miasa ka mamelona ny ankohonantsika isika ary manome ny mahantra?

Ndao hojerena ireo teny fikasana nataon'Andriamanitra amin'ny hamatsiana antsika ary koa ny andrasany amintsika mikasika ny fitantanana vola.

Andriamanitra mampanantena fa hamatsy antsika

Vakio Matio 6:25-33.

Ato amin'ity an-dalana ity dia hitantsika fa mampanantena ny hamatsy antsika Izy raha Izy no apetratsika ho lohalaharana amin'ny fiainantsika.

Ny Baiboly koa dia milaza amintsika ny antony mety mahatonga antsika tsy hanana vola ampy. Ndeha hojerentsika izany izao.

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****: Fandinihana faha 2. Omeo vondron'andalan-tsoratra masina ny vondrona tsirairay ary asaivo tsoahin'izy ireo ny hevi-dehibe voalaza ao. Raha mbola manana fotoana ampy izy ireo dia asao hijery an-dalan-tsoratra masina hafa. Raha tsy manana Torolalana ho an'ny Mpianatra dia omeo azy fotsiny ny an-dalana hovakiana fa tsy ny hevi-dehibe.*

Ireo antony mety mahatonga antsika tsy hanam-bola ampy:

- **Hakamoana** – Ohabolana 10:4, 13:4; 24:30-34.
    - *Tokony ho azontsika antoka fa miasa mafy isika fa tsy mipetra-potsiny.*
- **Tsy fahaizana mianina/Avonavona am-po** – Ohabolana 28:25
    - *Andriamanitra tsy nampanantena antsika harena be fa fahampiana. Tena tsy ampy ve ny eo am-pelan-tanantsika sa isika no tsy mahay mianina amin'izay nomeny antsika*
- **Fanaranam-po** – Ohabolana 21:17; 23:20-21

    - *Mety ho filana madinika toy ny fifohana sigara, fisotroana toaka, fitiavana sakafo matsiro foana sns… Dinoho ny fomba fandanianao ny volanao. Amin'ny fanaranam-po amin'ny filàna sa amin'ny zavatra tena ilainao isan'andro?*
- **Fahihirana** – Ohabolana 11:24
    - *Manome araka ny baikon'Andriamanitra ve ianao? Milaza amintsika Andriamanitra fa raha tsy mba manome isika dia tsy hahazo fitahiana aminy. Toy ny hanomezantsika no hanomezany antsika araka ny fanoharana nataony.*
- **Fahadalana** – Ohabolana 3:13-16
- **Tsy fankatoavana** – Ohabolana 28:13, 2 Tantara 24:20

TATITRA
***Torohevitra ho an'ny Mpandrindra**: Aoka hizara izay nianarany ny vondrona tsirairay. Ataovy azo antoka fa voarain'ny vondrona tsirairay ireo antony enina mety mahatonga ny tsy fahampiam-bola.*

Antony iray hafa mety hahatonga antsika ho tratry ny tsy fahampiam-bola dia ny **tsy fahamarinana.** Mivavaha mangataka ny fanampian'Andriamanitra. Andriamanitra dia akaiky an'izay ampahoriana sy izay miatrika tsy fahamarinana.

Raha tsapanao fa tsy manana vola ampy ianao ary manontany tena hoe nahoana no tsy nomen'Andriamanitra anao ny vola ampy ilainao dia mandiniha tena araka ireo antony voatanisa etsy ambony. Angataho Andriamanitra haneho aminao izay mety nahadiso anao, mibebaha ary mangataha famelana aminy, angataho koa ny fomba tokony hiovanao.

- Inona amin'ireo antony rehetra ireo no heverinao fa matetika mitranga amin'ny fiaraha-monina misy anao? Nahoana?
- Misy fomba azo ialana an'izany ve amin'ny fiainanao manokana? na amin'ny fiainan'ny hafa?
- Misy antony hafa ankoatr'ireo ve fantatrao mahatonga tsy fahampiam-bola?
- Ahoana no fomba azo ampaherezana ny fianakaviana hafa fa nampanantena ny hamatsy antsika Andriamanitra?

Fitantanantsika ny vola

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE
Vakio Matio 25:14-30.

Amin'ity fanoharana ity, Andriamanitra mampianatra antsika ho mpitantana mahay ny zavatra rehetra nomeny antsika. Ilay lehilahy ho any amin'ny tany hafa dia Andriamanitra, ny vola na ny talenta navelany hotantanan'ireo mpanompony dia ny vola na ny talenta omeny antsika.

- Mitovy ve ny vola noraisin'ny tsirairay?
- Inona no nitranga tamin'ny mpanompo roa voalohany?
- Inona no nitranga tamin'ilay mpanompo farany? Inona no nahatezitra ny tompony taminy?
- Inona no tian'io tantara io ambara amintsika?

Tsy mitovy ny habetsahana nomena antsika tsirairay. Andriamanitra dia tsy hitsara antsika araka ny haben'ny ananantsika fa hitsara araka ny fomba nampiasantsika azy. Manantena antsika hampiasa izany am-pahendrena Izy fa tsy handanilany fotsiny fanomezana tsara nomeny antsika. Nomeny hamelomantsika ny ankohonantsika ny vola (1 Timoty 5:8) ary koa hanomezana ny mahantra (Efesiana 4:28).

TSIROAROA

Mifanakaloza hevitra mikasika ireto fanontaniana manaraka ireto sady mihevitra ny amin'ny fiainanareo manokana, mifampitondrà am-bavaka.

- Am-pahendrena foana ve no andaniantsika ny volantsika?
- Ahoana no hananantsika fahendrena bebe kokoa amin'ny fitantanana ny volantsika?

Fandinihana Faha 3:
Fahadisoana mateti-pitranga amin'ny fitantanam-bola
Tapany Voalohany

Hevi-dehibe
Misy fahadisoana mateti-pitranga ataon'ny olona rehefa mitantana vola. Afaka mianatra mba hialana amin'izany isika. Ireto avy izany:

- Tsy nieritreritra mikasika ny vola mihitsy aho
- Raha manam-bola aho, dia laniko amin'izay ilaiko!
- Tsy ampy ny eo am-pelatanako
- Tsy afaka miandry aho fa tsy maintsy mindrana

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Fandinihana faha3 (Dika 1 isaky ny vondrona)

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra *– Nosoratana mizara roa izy ity mba ho fohy – tapany voalohany sy faharoa. Na izany aza raha maharitra 3 andro ny fiofanana dia azo atao fandinihana iray ihany na dia lava aza.*

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Inona avy ireo fitsipika fototra mikasika ny vola hatreto?

Ndeha hojerentsika ireo fahadisoana mateti-pitranga miisa 4 na 8 ataon'nyolona rehefa mitantana vola.

- Inona avy ireo heverinao ho tena fahadisoana lehibe mateti-pitranga?

Fahadisoana Voalohany: Tsy mihevitra mikasika ny volako mihitsy aho

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Lioka 12:42-47.

- Inona no nandrasan'ny tompo hataon'ireo mpanompony?
    - *Ilay tompo dia nanantena ireo mpanompo ho vonona hikarakara ireo olona na zavatra nampiandraiketana azy am-pahendrena ary hanao izany araka ny sitra-pony.*

An'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Ny vola eo am-pelatanantsika dia fanomezana avy amin'Andriamanitra. Nomeny antsika hampiasaina am-pahendrena izany. Mila heverintsika ny fampiasana izany, ary mila miaiky isika fa an'Andriamanitra izany ary manantena antsika handamina tsara ny fitantanana izany Izy.

Fahadisoana Faharoa: Raha manana aho dia holaniko!

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Ohabolana 21:20.

- Ahoana no hamaritan'ity an-dalana ity izay mandany foana ny ananany rehetra?
- Inona no ataon'ny Hendry?

    - *Manangona na manao an-tsompitra sakafo sy menaka.*
- Inona no azontsika ianarana amin'ny alalan'io ohabolana io?
    - Tsy tokony holaniana daholo izay ananana rehetra, fa tokony misy atao tahiry ho an'ny fotoana izay mety tsy hananantsika.

Vakio Mpitoriteny 2:10-11.

- Ahoana no nampiasan'ity olona ity ny volany?
- Nahafaly azy ve izany?
    - *Ilay lehilahy ao amin'ny mpitoriteny dia nanaram-po amin'ny fandaniana nefa tsy nitondra fifaliana ho azy izany.*

Mifanakaloza hevitra:

- Inona no mitranga rehefa tonga dia ampiasaintsika daholo foana ny vola raisintsika?
- Efa niatrika tsy fahampiana ve ianao satria nolanianao tamin'ny zavatra tsy tokony ilainao amin'iny fotoana iny akory ny volanao? Inona no ohatra azo raisina mikasika izany?
- Efa nividy zavatra tena nirinao ve ianao nefa avy eo dia hitanao fa tsy nitondra fifaliana bebe kokoa ho anao akory izany?
- Ahoana no hataontsika hialana amin'izany?
-

Fahadisoana Faha 3: Tsy manana ny ampy aho

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ho vondrona ahitana olona 3 na 4. Zarao koa ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****: Fandinihana faha 3. Asaivo mamaky sy mifanakalo hevitra mikasika ny iray amin'ireo fahadisoana ny vondrona ary mamintina ny hevi-dehibe hita ao.*

Vakio Filipiana 4:11-12.

- Inona no dikan'ny hoe "mifaly amin'izay ananana"?
- Tamin'ny toe-javatra manao ahoana no nilazan'I Paoly fa mifaly amin'izay ananany izy?
- Mahay mifaly amin'izay ananantsika ve isika?
- Raha faly isika, moa midika izany fa tsy tokony hiasa mafy mba hahazo bebe kokoa ve isika? Jereo ny Ohabolana 23:4-5 sy ny Ohabolana 24:33-34.
    - *Mila mitandrina tsara isika raha mamaly ity fanontaniana ity. Tsy tokony ho kamo isika fa tokony hiasa mafy hamatsiana ny ankohonantsika. Ohabolana 24 dia mampahatsiaro antsika fa raha kamo isika dia hahalala ny fahantrana sy ny tsy fahampiana. Noho izany dia tokony hitandrina tsara isika ka tsy hanao antsirambina ny ankohonantsika sy ny andraikitra anaty fiangonana noho ny fihazakazahana be loatra mba hahazoana harena be.Ny Ohabolana 23 dia mampahatsiaro antsika koa fa tsy tokony ho lasa amin'ny faniriana te hanam-pananana be loatra ny saintsika sy ny fontsika.*

Ny fahaizana mifaly amin'izay ananana dia zava-dehibe hahatonga antsika ho afa-po amin'ny fiainana. Ny dingana voalohany hahitantsika ny fifaliana amin'izay ananana dia ny fianarana mankasitraka an'Andriamanitra ny amin'izay nomeny antsika. Araka ny nolazain'I Paoly hoe nianatra ny hifaly amin'izay ananany izy dia toy izany koa no tokony hianarantsika mifaly amin'izay ananantsika na inona na inona ny toe-java-mitranga.

Fahadisoana Faha 4: Tsy afaka miandry aho fa tsy maintsy mitrosa

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Vakio Ohabolana 22:7.

- Inona ny olana mikasika ny trosa?

- Inona avy ireo zavatra mahatonga ny olona hitrosa mba hividianana zavatra?
- Inona avy koa ireo fomba hafa hahafahantsika mahazo izay ilaintsika?
    - *Manangom-bola*

Indraindray dia mila zavatra maika isika na izao dia izao, noho izany dia lasa mitrosa vola mba hahazoana azy. Ohatra, mitrosa hahafahana mividy fahitalavitra na zavatra hafa ny fianakaviana iray. Tsy tsara anaovana trosa ny zavatra toy izany. Ny trosa dia fandrika. Mila manana faharetana isika ary manangona mba hahafahantsika mahazo izay ilaintsika. Amin'ny fotoan-tsarotra manokana ihany no tokony hanaovana trosa na hividianana zavatra hampidi-bola. Tokony ataontsika azo antoka fa araka ny tokony ho izy ny nanaovana trosa ary manana planina hotanterahina hamerenana azy isika. Manana faharetana ary miandrasa mandra-pahatongan'ny fotoana hahafahanao mividy izay tianao. Hianatra bebe kokoa mikasika ny trosa isika amin'ny lesona manaraka.

TATITRA

TSIROAROA

Miaraha mandinika ireo fahadisoana 4.

- Ny inona amin'izy ireo no manahirana anao indrindra?
- Ahoana no hanaovanao dingana hialana amin'ny famerenana izany fahadisoana izany?

Mifampitondrà am-bavaka mba hahafahanareo miala amin'ny fahadisoana mateti-pitranga mikasika ny vola.

Fandinihana Faha 4: Fahadisoana mateti-pitranga amin'ny fitantanam-bola Tapany Faha 2

Hevi-dehibe

Misy ireo fahadisoana matetika ataon'ny olona mikasika ny fitantanam-bola. Afaka mianatra mba hialana amin'izany isika. Ireto avy ireo fahadisoana ireo:

- Raha mba nanam-bola misimisy kokoa tahaka ny hafa aho
- Mahantra loatra aho ka tsy afaka manome
- Manahy foana aho ny amin'ny resa-bola
- Mandany sy mahazo vola amin'ny fomba tsy manome voninahitra an'Andriamanitra aho.

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra Fandinihana faha 4 (Dika 1 isaky ny vondrona)

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Inona avy ireo fahadisoana efatra matetika ataon'ny olona mikasika ny fitantanam-bola?
    - *Tsy misaina na mihevitra mikasika ny vola mihitsy aho*
    - *Raha manana aho dia laniko amin'izay ilaiko!*
    - *Tsy manana ny ampy aho*
    - *Tsy afaka miandry aho fa tsy maintsy mindrana*
- Lazalazao eto fa ny fianarana mikasika ireo voalaza eo ambony dia nanova ny fomba fandanianao vola hatramin'ny fotoana nandinihantsika ireo an-dalan-tsoratra masina farany.

Hojerentsika ary izao ireo fahadisoana 4 hafa fanaon'ny olona koa rehefa mitantam-bola.

Fahadisoana Faha 5: Raha mba nanam-bola bebe kokoa tahaka ny hafa aho

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Eksodosy 20:17 sy Lioka 12:15.

- Inona no dikan'ny hoe mitsiriritra?
- Inona no tokony hotandremantsika? Nahoana?

Vakio Mpitoriteny 5:10

- Ny olona fatra-pitia vola ve hahatsiaro manana ny ampy?

Aza avela hiditra ao am-ponao ny fitiavan-karena be loatra sy ny fitsiriritana. Ny fitiavam-bola be loatra dia midika hoe na betsaka manao ahoana no efa ananantsika dia tsy ho afa-po fa hitady misimisy hatrany. Ho latsa-pialonana an'izay manana bebe kokoa. Ny laingan'ny Satana dia izao, tarihiny isika hino fa ny fananam-bola sy harena be no mitondra fiadanana sy fifaliana. Ohatra: – "raha manana moto aho izao dia ho sambatra kokoa na ho metimety kokoa ny fiainako." Ny fitaovana ananana dia tsy mitondra fifaliana ho antsika. Afaka mahatonga antsika hahatsiaro metimety mandritra ny fotoana fohy izany, avy eo dia tonga indray ny filàna zavatra hafa.

- Efa nividy zavatra tena ilainao ve ianao? Manao ahoana ny fahatsapanao mikasika an'io afaka enim-bolana na iray taona aty aoriana?
- Nisy zavatra notsiriritinao ve vao tsy ela? Ahoana no hahafahanao tsy mitohy mitsiriritra fananana ka hianaranao mifaly amin'izay anananao?

Fahadisoana Faha 6: Mahantra loatra aho ka tsy afaka manome

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Manaova vondrona ahitana olona 3 na 4 maromaro. Zarao ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****: Fandinihana faha 4. Asao hamaky sy hifanakalo hevitra mikasika ny fahadisoana iray ny vondrona ary mamintina ny hevi-dehibe hita.*

Vakio2 Korintiana 8:1-5.

- Inona no lazain'io an-dalan-tsoratra masina io mikasika ny fanomezana amin'ny fotoana tsy ananana?
- Ahoana no fomba hampaherezantsika ny hafa hanome na eo aza ny toe-java-tsarotra andalovany?

Andriamanitra mitahy anao rehefa manome ianao.

Vakio Malakia 3:10-12.

- Inona no lazain'io an-dalana io fa tokony hataontsika?
- Inona no fiantraikan'ny fanaovantsika an'izany?

Teo ihany no fotoana tokana ao anaty Baiboly nitenenan'Andriamanitra antsika hizaha toetra Azy. Milaza Izy fa raha manaiky ny hitondra ny am-pahafolony rehetra isika dia hitahy antsika Izy. Miverimberina ao anaty Baiboly fa arakaraka ny hanomezantsika an'Andriamanitra no hanomezany antsika.

Fahadisoana Faha 7: Manahy foana aho mikasika ny vola

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Vakio Matio 6:25-34.

- Inona no lazain'Andriamanitra mikasika ny fanahiana?
- Nahoana no milaza Izy fa tsy tokony hanahy isika?
- Inona no tokony eritreretintsika toy izay hanahy?
- Ahoana no atao hahatonga antsika tsy hanahy?
- Misy fotoana ve mba tokony hanahiantsika ihany?

Tsy tian'Andriamanitra hanahy mikasika ny vola isika. Raha tiany hampiasa vola am-pahendrena sy fitandremana isika dia tsy tokony hamela ny tenantsika hanahy ny amin'izany. Angataho Andriamanitra hiaro ny sainao amin'ny fanahiana ary miezaha manaja sy manome voninahitra Azy amin'izay nomeny anao.

TATITRA

Fahadisoana Faha 8: Mandany sy mahazo vola amin'ny fomba tsy manome voninahitra an'Andriamanitra aho

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Ezekiela 22:12-14.

- Inona no lazain'io an-dalan-tsoratra masina io mikasika ny fomba halan'Andriamanitra fahazoana na fandaniam-bola?
- Inona no fiantraikan'ny tsy fanajana an'Andriamanitra amin'ny fomba fahazoana na fandaniantsika vola?

Ny Baiboly dia milaza amintsika fa tokony hanaja an'Andriamanitra isika amin'ny zavatra rehetra ataontsika ary ao anatin'izany ny fomba fahazoana na fandaniantsika vola. Tsy tokony hanao kolikoly na haka izay tsy antsika amin'ny alalan'ny kolikoly, hisoloky na hanao fomba ratsy hafa, satria izay hafafintsika no hojinjaintsika.

TSIROAROA - Diniho ny tsirairay amin'ireo fahadisoana ireo.

- Ny inona amin'ireo fahadisoana ireo no manahirana anao indrindra?
- Ahoana ny dingana ataonao tsy hamerenanao izany fahadisoana izany intsony?
- Inona ny dingam-piovana hotanterahinao amin'ny fomba fahazoana na fandaniam-bola ataonao?

Mifampitondrà am-bavaka mikasika izany fiovana tianao hitranga izany mba tsy hamerenanao intsony izany fahadisoana izany.

Fandinihana Faha 5:
Manome sy manao am-pahafolon-karena

Hevi-dehibe

- Tian'Andriamanitra hanome isika.
- Na ny mahantra aza tokony hanome.
- Zava-dehibe ny manana toe-po tsara entina manome.

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Fandinihana faha 5 (Dika1 isaky ny vondrona)

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Inona no hevitra tonga ao an-tsainao rehefa miresaka fanomezana sy fanaovana am-pahafolon-karena isika?
- Hevitra ahoana no mamporisika anao hanome ny hafa? Na ho an'ny fiangonana?
- Inona no foto-pisainana ara-Baiboly mikasika ny fanomezana?

Mandroba an'Andriamanitra ve isika?

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Manaova vondrona ahitana olona 3 na 4. Zarao ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****: Fandinihana faha 5.*

Vakio Malaia 3:8-12.

- Ahoana ny androban'ny zanak'Isiraely an'Andriamanitra?
- Inona no fiantraikan'ny fandrobana an'Andriamanitra?
- Inona no lazain'Andriamanitra fa hitranga raha mitondra ny am-pahafolon-karena rehetra isika?
- Inona avy izany ampahafolony rehetra izany?
- Mandroba an'Andriamanitra koa ve isika?

Ireo an-dalan-tsoratra masina ireo ihany no ao amin'ny Baiboly ahitana an'Andriamanitra manasa antsika hizaha toetra Azy. Mampiasa teny mavesatra Izy entiny maneho ny fahatsapany ny amin'ny tsy fanomezan'ny zanak'Isiraely ny ampahafolony. Ny tsy fanatanterahan'izy ireo an'izany dia niteraka fahantrana teo aminy.

Manome be dia be amin'ny fotoanan'ny fahantrana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Vakio 2 Korintiana 8:1-4.

- Nahantra sa nanan-karena ireo mpino tao Makedonia?
- Manao ahoana ny fatran'ny fanomezan'izy ireo?
- Manao ahoana ny toe-po entiny manome?
- Inona no azontsika ianarana amin'ity fiangonana ity?

Tena tao anaty fahantrana tanteraka ny fiangonana tao Makedonia. Ny ankamaroantsika dia tsy ao anatin'ny fahantrana be. Mety tsy manana izay tiantsika ananana isika nefa tsy mahantra loatra. Nefa izy ireo dia nanome ary nanome mihoatra noho ny fahafahany. Tsy fanamby ho antsika ve izany! Matetika dia manome avy amin'izay azontsika atao tahiry isika. Izy ireo koa dia nitalaho tamin'I Paoly mba hahafahany manome.

Manana toe-po sahala amin'izany ve isika? Manana hetaheta lalina sy faniriana hanome ve isika sa manome an-katerena?

Ny fahalehibeazan'ny zavatra nataon'ilay vehivavy mpitondratena mahantra

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio Marka 12:41-44.

- Ohatrinona no nomen'ilay vehivavy mpitondratena?
- Mahantra sa manan-karena izy?
- Inona no nataon'i Jesosy raha nahita izany?

Indraindray dia mihevitra isika fa satria mahantra dia tsy tokony hanome. Tsy marina izany. Tsy nosakanan'I Jesosy tsy hanome ilay vehivavy mahantra. Tsy nilaza izy hoe, "Tsia, satria mahantra loatra ianao dia tsy tokony hanome ka tazony ho anao ihany izany!". Mifanohitra amin'izay, noderainy ny zavatra nataon'ilay vehivavy.

Manome malalaka sy am-pifaliana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Vakio 2 Korintiana 9:6-7.

- Ahoana no tokony hanomezantsika?
- Inona no dikan'ny hoe "Izay mamafy kely dia hijinja kely, ary izay mamafy be dia be kosa no hojinjainy"?

Andriamanitra dia mandidy antsika hanome. Tsy maninona na mahantra isika na manan-karena. Tokony hanome daholo. Raha tsy manome araka ny baikony isika, dia izay ilay faritan'Andriamanitra hoe mandroba Azy. Fa raha manome kosa dia hahalala ny fitahian'Andriamanitra. Manome antsika araka ny fatra hanomezantsika Izy. Raha manome amin'ny fahihirana isika, dia hahihitra koa ny fanomezany antsika, fa raha manome malalaka kosa dia halalaka amintsika koa ny tanany. Ny fitahiana azontsika dia mety ho vola nefa mety ho fifaliana koa na fiadanam-po na fahaizana mifaly amin'izay ananana, fifalian'ny fianakaviana, harena any an-danitra.

- Inona no tokony antony anomezantsika?

Mila mitandrina isika mba tsy ny hahazo tambiny no antony anomezantsika. Tsy fanomezana malalaka izany fa sahala amin'ny mampindrana. Tsy tian'Andriamanitra hampindrana Azy isika fa tiany hanome kosa. Izy no mahafantatra ny fotoana tokony hanomezany antsika. Misy olona manao fisainana adaladala ka mihevitra fa raha manome betsaka an'Andriamanitra izy dia hahazo betsaka avy aminy koa. Hitan'Andriamanitra ny toe-pontsika; Fantany ny ao an-tsaintsika ao ary afaka mitahy antsika amin'ny fomba hafa sy amin'ny fotoana hafa Izy. Ny antony anomezantsika dia tokony ho faniriana hanome vokatry ny fankasitrahana ny amin'izay rehetra nomeny antsika. Tian'Andriamanitra raha manome am-pifaliana isika fa tsy olona mila tambiny amin'Andriamanitra.

TSIROAROA

Mifanakaloza hevitra ianareo ary hevero ireto:

- Manome an'Andriamanitra araka ny tokony omena ve ianao? Raha eny, nahoana? Raha tsia, nahoana?
- Inona no fanovana hataonao manomboka izao raha avy nandre ny fampianarana mikasika ny fanomezana sy ny ampahafolony?

Mifampitondrà am-bavaka mikasika ireo fanovana tiana hatao, ary mibebaha noho ireo toe-po rehetra nanakana anao tsy hanana faniriana tsara mikasika ny fanomezana sy ny fanaovana am-pahafolon-karena.

Fizarana Faha 2: Lesona Fototra

Lesona Voalohany: Fampidirana Mikasika ny Fanaovana Teti-bola

Hevi-dehibe

- Zava-dehibe ny fanaovana fandaminana mikasika ny volantsika

Fitaovana

- Fanampiana maso: Sary fanehoana mikasika ny fandaniana (manaova dika 1)
- Fanampiana maso: Sary fanehoana ahitana trano foana (manaova dika 1)
- Fanampiana maso: Karatra lalao mikasika ny fanaovana teti-bola sy trosa – Araka ny toro-hevitra voadika amin'ny fanampiana maso
- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Lalao mikasika fandaminana teti-bola (1 isaky ny vondrona)
- Kodia kely
- Taratasy fotsy sy Penina hanoratana ny fitambaran'ireo kaonty nataon'ny isan'olona na vondrona

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Araka ny fahafantaranao, ahoana ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra ataon'ny ankamaroan'ny ankohonana eo amin'ny fiaraha-monina misy anao ny amin'ny hoe aiza na ahoana no handaniany ny volany?
- Hatraiza ny fiantraikan'ny trosa eo amin'ny fiaraha-monina misy anao?

Lalao Mikasika ny Teti-bola sy Trosa – Taona Voalohany

LALAO ANATY VONDRONA LEHIBE

Androany dia hilalao mikasika ny fandaniam-bola isika ary ahoana no fandaminantsika mikasika izany fandaniana izany.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asao hanao vondrona 6 izy ireo. Fitaovana ampy ho an'ny vondrona miisa 6 ihany no ampy holalaovina. Ataovy araka ny voasoratra ny lalao.*

> Hatomboka amin'ny ohatra hoe: avy nijinja vokatra ny vondrona iray ka afaka mandany ny volany araka izay tiany. Mandritra ny taona dia toy izao manaraka izao ny fandaniana ataonareo.

*Ataovy ambony ny **FANAMPIANA MASO**: momba ny fandaniana – Ataovy hita tsara ny an-dalana momba ny fandaniana mahalana ary hazavao ahoana ny fampiasana izany.*

> Ny fandaniana mahalana dia ireo fandaniana izay mety ataontsika tsy ampoizina ao anatin'ny iray volana toy ny fividianana fanafody, momba ny fanambadiana na fandevenana. Hahafahana mamaritra ny sandan'ny fandaniana dia tsara manipy an'ilay kodia kely ka im-polon'izay isa mivoaka ao no tokony hatokana ho an'ny fandaniana mahalana. Eo amin'ny fiainana an-davan'andro dia tokony hieritreritra koa ny amin'ny vola tokony ampiasaina, tokony omena ary atao am-pahafolony. Samy zava-dehibe avokoa izany, fa mba hanatsorana ny lalaontsika dia tsy asiana an'izay aloha.

Hanombohana azy dia heverintsika fa nahavokatra be isika tamin'ity taom-pijinjana ity ka nahalafo vokatra mitentina Ar 2.500.000. Io ihany no heverina ho vola miditra mandritra ny taona. Ny vary azo dia ampy mandritra ny 9 volana ka tokony hividy vary fanampiny ho an'ny 3 volana ambiny hahatapitra ny taona.

Omeo vola ampy ny vondrona tsirairay Ar 2.500.000 (Ar 20.000- 75, Ar 10.000-50, Ar 5.000 – 100)

Androany dia ho any an-tsena isika hividy sakafo.

*Asehoy azy ny sary **FANAMPIANA MASO**: Ilay misy sary "trano foana"*

Araka ny hita eo dia mbola foana ny trano. Zavatra vitsivitsy no hita ao, tsihy, vilany vitsy, lapoaly ary fitafiana vitsivitsy. Ny tafon-trano dia mitete.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asehoy azy ireo ny zavatra amidy amin'ny alalan'ny **FANAMPIANA MASO**: Teti-bola sy karatra holalaovina ary anontanio azy ny hoe iza no te hividy zavatra inona. Avelao hividy izay tiany izy. Rehefa afaka nividy ny tsirairay dia azavao amin'izy ireo fa misokatra mandritra ny taona ny tsena ary afaka miverina amin'ny fotoana rehetra izy mividy izay ilainy.*

Hanampiana antsika manao io lalao io dia tsara raha raisina ny tena fandaniana isam-bolana. Ireto avy ny sandan'ireo fandaniana tokony atao isam-bolana ka tsy ao anatin'izany ny fandaniana mahalana. Araka ny hita eto dia mandany isam-bolana Ar 60.000 ho an'ny sakafo, Ar 5.000 ho an'ny jiro sy rano, Ar 10.000 ho an'ny fandaniana madinika ao an-trano. Ar 75.000 ny fitambaran'izany.

Ambonin'izany dia tokony mandoa ny vidin'izay rehetra nalaina trosa. Ny fitambaran'ireo no tontalin'ny vola fandaniana isam-bolana ankoatra ny fandaniana mahalana.

Ho an'ny vondrona tsirairay, kajio ny fandaniana ataon'ny tsirairay avy any an-tokatrano isam-bolana. Soraty ny fitambarany isaky ny vondrona dia apetaho eo amin'ny rindrina mba ho mora tadidy.

Atombotsika ny fandaniana ny taona.

Toy izao ny hilalaovana azy (Ao amin'ny pejy manaraka no hahitana ny famintinana):

1. *Asaivo manipy kodia kely ny vondrona voalohany ary mandray ny taratasy fandaniany miampy ny fandaniana mahalana.*
2. *Tohizo sahala amin'izay ny vondrona hafa.*
3. *Azavao aminy fa volana Janoary io diavina io. Tohizo hatrany ary mampiasà fampatsiahivana ny taona toy izao manaraka izao:*
    a. *Amin'ny volana febroary dia tokony handoa sara-mpianarana ho an'ny zaza roa ka Ar 80.000 isan-jaza, izany hoe ny isam-batan'olona dia tokony handoa ny fandaniana mahazatra miampy Ar 160.000 saram-pianarana miampy ny fandaniana mahalana. Raha misy te hanala ny zanany am-pianarana dia afaka ataony izany.*
    b. *Ny volana Martsa sy Aprily dia mitovy amin'ny Janoary.*
    c. *Amin'ny volana Mey dia efa mieritreritra hanomboka taom-pianarana vaovao ny ankizy ka mila mandoa sarany sy vidim-boky ary fanamiana. Ar 100.000 no ilaina amin'izany isaky ny ankizy.*
    d. *Ny volana Jona dia tokony hividy zezika sy masom-boly ka ny vondrona tsirairay dia manomana Ar 300.000 ho an'izany.*
    e. *Ny volana Jolay, Aogositra ary Septambra dia sahala amin'ny volana Janoary.*
    f. *Ny volana Oktobra, Novambra ary Desambra dia tsy manana vary intsony ka tokony hividy vary. Ar 30.000 ny vidin'izany isam-bolana.*

Raha misy tsy maintsy mitrosa dia jereo ny torohevitra mikasika izany eo ambany.

Torohevitra mikasika ny trosa:

Raha tsy afaka mandoa ny fandanianao isam-bolana ianao dia manana safidy roa: na mivarotra mialoha ny vokatra amin'ny taona ho avy amin'ny vidiny Ar 2.100.000 na mindram-bola.

Azavao fa matetika dia misy zana-bola betsaka aloa rehefa mindram-bola. Fandaniam-bola fahatany izany no iantsoana ny zana-bola aloa amin'ny findramam-bola. Amin'ity lalao ity dia tsy ampidirina ny zana-bola isam-bolana fa amin'ny volana voalohany ihany.

Raha hivaro-bokatra mialoha izy dia omeo Ar 2.100 .000

Raha hindram-bola izy dia omeo karatra findramam-bola. Sorato eo amin'ny karatra ny sandan'ny vola indraminy miampy 10 isan-jato ary ny isan'ny vola sisa hamerenany azy. Ohatra raha mindrana amin'ny volana Aogositra izy dia 5 volana izany no sisa. (Aogositra ka hatramin'ny volana Desambra)

Famintinana ny lalao	
Janoary	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana.
Febroary	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana + 160
Martsa	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana
Aprily	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana
Mey	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana + 200
Jona	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana + 300
Jolay	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana
Aogositra	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana
Septambra	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana
Oktobra	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana + 150
Novambra	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana + 150
Desambra	= fandaniana mahazatra + fandaniana mahalana + 150

FANDINIHANA ATAON'NY VONDRONA MIARAKA

Amin'ny faran'ny lalao, jereo aorian'ny kajy atao raha misy manana trosa na tsia. Raha misy, ohatrinona.

- Inona no mitranga amin'ity lalao ity?
- Lasa nitrosa ve ny vondrona tsirairay? Nahoana no nitranga izany?
- Manahoana ny fahatsapana rehefa latsaka anaty trosa?
- Nanomana teti-bola fo fandaniana ny volany ve ny vondrona tsirairay – Nanampy ve ny fanaovana izany teti-bola izany?
- Inona no mety azo atao hanovana izany amin'ny manaraka?

Fanamarihana: Amin'ity lalao ity dia heverina fa misy vola ampy hividianana izay ilaina amin'ny ambim-bola!

Lalao Mikasika ny Fanaovana Teti-bola sy Trosa – Taona Faha 2

Hilalao indray isika ho an'ny taona manaraka, tsy miova ny olona ao anaty vondrona. Ny zava-nitranga tamin'ny taona lasa ihany no horaisina hahatsotra ny lalao saingy mety hampiasa teti-bola ny vondrona raha tiany.

Azavao izao manaraka izao – Mba hampahomby ny fitantanantsika dia mila manao teti-bola isika. . Araka ny hitantsika, dia mila mandoa Ar 2.000 x 30 andro isika ho an'ny sakafo, Ar 5.000 ho an'ny jiro sy rano, ary Ar 10.000 ho an'ny fandaniana andavan'andro.

Ankehitriny dia ilaintsika ny manampy ireo fandaniana mahalana.

Ar 135.000 ny fitambarany. (Sorato eo amin'ny solaitrabe na amin'ny taratasy lehibe araka ny hita etsy ambany.) Ny fitambarany mandritra ny taona dia Ar 135.000 x 12 volana = Ar 1.620.000

Fandaniana isam-bolana

Fandaniana momba ny	Fahatetehany	Sanda isaky ny fandaniana	Fitambarany
Sakafo	30 andro	Ar 2.000	Ar 60.000
Jiro sy rano	1 volana	Ar 5.000	Ar 5.000
Fandaniana an-davan'andro	1 volana	Ar 10.000	Ar 10.000
Fandaniana mahalana	1 volana	AR 60.000	Ar 60.000
	TONTALY FANDANIANA 1 VOLANA		Ar 135.000
			X12
	TONTALY FANDANIANA 1TAONA		Ar 1.620.000

Manana teti-bola fandaniana mandritra ny taona mikasika ny saram-pianarana, vary tokony hovidina sy vidin-jezika isika izao. (ampio soratana araka ny anoratana azy eo ambany izany.) Ar 750.000 ny fitambarany.

Fandaniana isan-taona

Karazana Fandaniana	Fahatetehana isan-taona	Sanda isaky ny fandaniana	Fitambarany
Saram-pianarana - Febroary	1	Ar 160.000	Ar 160.000
Saram-pianarana - Mey	1	Ar 200.000	Ar 200.000
Vary tokony hovidina	3	Ar 30.000	Ar 90.000
Fandaniana @ vola miditra	1	Ar 300.000	Ar 300.000
	TONTALY FANDANIANA 1 TAONA		Ar 750.000

Manana teti-bola ho an'ny fandaniana mahalana isika. Ndao hanomana teti-bola ho an'ny taona sarotra iray – mila mahazo isa 6 amin'ny kodia kely. Raha tsy mahazo ny isa 6 dia heverina ho manam-bola ambiny isika ka amin'izay fotoana izay dia afaka mampiasa izany (nefa tsy mialoha akory). Noho izany Ar 10.000 in'enina = Ar 60.000 isam-bolana x 12 volana izany hoe Ar 720.000 isan-taona.

Ar 1.620.000 fandaniana isam-bolana, Ar 750.000 fandaniana isan-taona. Fitambarany Ar 2.370.000 Manana Ar 130.000 ambiny isika. Afaka ampiasaintsika izany na atao tahiry. Horesahintsika amin'ny manaraka ny fomba fampiasa araka ny tokony ho izy io vola ambiny io.) Isam-bolana raha tsy mahazo isa 6 amin'ny kodia kely isika dia heverina ho manana ambim-bola.

VOLA MIDITRA	**- FANDANIANA ISAM-BOLANA**	**- FANDANIANA HAFA ISAN- TAONA**	**= AMBINY**
Ar 2.500.000	**- Ar 1.620.000**	**- Ar 750.000**	**= Ar 130.000**

Ao anaty vondrona, manaova teti-bola sahala amin'io ho an'ny fandanianao manokana. Misy aminareo kely kokoa ny vola miditra satria namidy mialoha ny vokatra. Ny sasany manana trosa tokony aloa. Tokony ampidirina anaty kaonty izany rehetra izany.

*Raisina indray ny **TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA**: Lalao mikasika ny fanaovana Teti-bola – Dika 1 isaky ny vondrona.*

Rehefa vonona dia omeo vola Ar 2.500.000 ankoatra ny teo ny vondrona tsirairay.

Hanafaingana ny lalao, olona iray no manipy kodia ka ny rehetra no miatrika ny fandaniana mahalana araka ny isa miseho.

Araho ny famintinana ny lalao mandritra ny taona.

Amin'ny faran'ny lalao, ohatrinona no lasa trosan'ny tsirairay?

FANDINIHANA ATAON'NY VONDRONA MIARAKA

- Nikasa handany ny vola ambiny ve ny vondrona nisy anao? Raha eny nahoana? Raha tsia, nahoana?
- Zavatra hafa inona no nataonao amin'ny fomba hafa tamin'ny taona faha 2?
  Avoahy ny valin'ireto fanontaniana ireto raha tsy azo avy amin'ny vondrona:
  - *tsy miantsena mihitsy*
  - *atombohy amin'ny fikajiana izay mety fandaniana tokony atao ary atokany izany mialoha ny ho any an-tsena.,*
  - *satria fantatra fa misokatra mandavan-taona ny tsena dia azo atao ny mividy izay ilaina amin'ny fotoana ilana azy noho ny fahafantarantsika ny mety hisian'ny fandaniana mahalana na tampoka.*
- Ahoana ny trosan'ny vondrona tamin'ity taona ity raha oharina amin'ny tamin'ny taona lasa? Inona no nitombo? Ary inona no nihena?
- Mora sa sarotra ny manomana teti-bola ho an'ny taona mba hiarovana ny fianakaviana amin'ny fanaovana trosa? Nahoana?
- Manao ahoana ny mety ho fiovan'ny toe-javatra raha nanomana teti-bola hatramin'ny voalohany?

Amin'ny lesona manaraka dia hijery ny fanaovana teti-bola ho antsika manokana isika.

Lesona Faha 2: Manao teti-bola ho an'ny ankohonana (Tapany voalohany)

Hevi-dehibe

- Manao fandaminana isika hahafahana mahalala ny fomba tsara hampiasana ny vola omen'Andriamanitra antsika.
- Ny dingana voalohany amin'izany dia ny mikajy ny vola miditra
- Tokony ho haintsika ny manavaka ny "ilaina" sy ny "irina"

Fitaovana

- Fanampiana Maso: peta-drindrina momba ny teti-bola: Ireo dingana 4 fanaovana teti-bola (1)
- Fanampiana Maso: Karatra misy ny sarin'ireo Ilaina sy Irina (Antonta1)
- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Dingana voalohany fanaovana teti-bola (Dika 1 isan'olona)
- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Fandraisana an-tsoratra ny fandanian'ny ankohonana (Dika 1 isan'olona)
- Solaitra be sy Penina hanoratana ireo ohatra raisina
- Karatra tsy misy soratra

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Rehefa mahazo vola isika, inona no mahazatra antsika atao matetika?
- Misy fotoana ve no manam-bola mihoatra isika ao anantin'ny iray vola na koa tsy ampy?
- Ahoana no ataontsika mba hanana ny ampy foana mandavan-taona?
- Inona no atao raha sendra tsy ampy ny eo an-tanana? Inona no fiantraikan'izany?
- Misy fotoana ve ianao no tsy manana ny ampy ho an'ny zavatra tena ilainao?
- Mahatsapa ve ianao fa mampiasa foana ny volanao araka ny mety amin'Andriamanitra?

Matetika dia maika ny handany mihoatra isika rehefa manam-bola, olana iray amin'ireo atrehintsika izany, ary rehefa tsy manana dia noana ka maika ny hindrana indray. Fantantsika rehetra fa mihinam-bary tsara ny fianakaviana aorian'ny famokarana fa mialoha izany dia tsy maintsy mividy vary izy satria tsy ampy intsony ny eo an-tanana.

Olana iray hafa ny tsy fananana vola ampy matetika ho an'ny zava-dehibe toy ny fianarana, na manao fandaniana tsy am-piheverana. Ohatra mividy fitafiana betsaka satria misy ny vola aorian'ny fijinjana nefa lafo indrindra izany amin'iny fotoana iny, avy eo lasa mijaly. Tsy fahendrena amin'ny fitantanana ny volan'Andriamanitra izany.

Teti-bola

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Toro hevitra ho an'ny mpandrindra: *Apetraho amin'ny toerana mora tazan'ny mason'ny rehetra ny* ***FANAMPIANA MASO*** *momba ny fanaovana teti-bola.*

Sahala amin'ilay lalao nataontsika teo aloha, ny teti-bola dia fandaminana ny amin'izay fomba ampiasanao ny volanao. Ny tanjon'ny fanaovana teti-bola dia ny mba hahazoana antoka fa mety sy araka ny tokony ho izy ny hampiasanao ny vola omen'Andriamanitra anao, ary koa mba hanananao ny ampy hamelomana ankohonana mandritra ny taona. Misy dingana fototra efatra mikasika ny fanaovana teti-bola hojerentsika izao

1. Mikajy ny vola miditra.

2. Mikajy ireo zavatra ilaina.
3. Mikajy ny elanelana.
4. Mampiasa ny ambim-bola am-pahendrena.

Androany dia atomboka amin'ny fikajiana ny vola miditra izany.

A: Fikajiana ireo vola miditra rehetra

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA*** *momba ny fanaovana teti-bola Dingana voalohany.*

Ny dingana voalohany amin'ny fanaovana teti-bola dia ny famantarana ireo vola miditra rehetra mandritra ny taona. Raha manana asa raikitra ianao dia tsy ho sarotra ny hikajy azy. Raha miasa ho an'ny tenanao kosa na mamboly sy miompy dia mety hisy fahasarotana ny fanaovana azy nefa azo atao ihany. Hojerentsika akaiky kokoa ny mikasika an'io ao aoriana kely ao. Fa ny hataontsika amin'izao dia izay mora atao.

- Inona avy ireo karazan-javatra azo ampidiram-bola eo amin'ny fiaraha-monina misy anao?
    - Fambolena vary na katsaka na vokatra hafa toy ny legioma
    - Fiompiana
    - Asa andraisan-karama isan'andro
    - Mivarotra/Manakalo
    - Manasa lamba, manadio trano, mitaiza zaza

ASA ATAON'NY TSIRAIRAY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato eo amin'ny solaitra be ny tabilao voalohany etsy ambany. Ataovy azo antoka fa azon'ny tsirairay ny dikany.*

Vola miditra	Isany isan-taona	Sandany	Fitambarany
Voly vary	In-droa isan-taona	Ar 1.000.000	Ar 2.000.000
Varotra Coca Cola	500 tavoahangy isan-taona	Ar 300	Ar 150.000
FITAMBARANY			Ar 2.150.000

Tabilao 1

Aoka hovitain'ny mpandray anjara ny tabilao 1 araka ny vola miditra aminy. Tsiahivo azy fa mitady izay zavatra mampidi-bola fotsiny isika. Ohatra: tsy raisin any fiompiana akoho hahazoana atody nefa tsy amidy fa hanina fotsiny saingy raha amidy kos any atody dia azo soratana ho mampidi-bola izany.

Tadidio fa tokony ampidirina daholo ny karazam-bola miditra rehetra. Ohatra mamboly vary sy katsaka ianao, mikarama isan'andro koa ary miompy kisoa, na mivarotra zava-pisotro na mitaiza zaza mba hampidiram-bola. Ezaho kajiana izay mety ho vola miditra isaky ny asa atao. Eritrereto ny vola niditra tamin'ny taona lasa. Sorato ny fitambaran'ny vola miditra rehetra fa tsy ny tombony ihany.

Tadidio koa ny mampiditra ny lelavola horaisina amin'ny taona manaraka. Raha miomana ny hiompy kisoa ianao ka hivarotra izany ary hampitombo ny isan'ny mbola ompiana manaraka dia ataovy azo antoka fa tafiditra ny vidin'ny kisoa eritreretinao hamidy ny taona manaraka.

MIFAMPIZARA TSIROAROA

- Manantena ny hahazo vola sahala ny tamin'ny taona lasa ve ianao? Betsaka kokoa? Sa kely kokoa?
- Raha betsaka, nahoana? Inona ny fiovana hampiakatra ny vola miditra bebe kokoa?

- Raha latsaka, nahoana? Inona ny fiovana nahatonga an'izany?

B: Fikajiana ny fandaniana amin'ny vola miditra

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Amin'izao manaraka izao dia tokony ampidirintsika ny fandaniana amin'ny vola miditra (masonkarena). Mila kajiana isaky ny asa atao izany araka ny hita eo amin'ny tabilao 1. Ohatrinona no lany amin'ny fanaovanao io asa io. Hidirantsika amin'ny antsipirihany io ao aoriana ao fa amin'izao dia tombanana fotsiny. Tadidio ny mampiditra ny vola lany rehetra mandritra ny taona amin'ny asa rehetra fa tsy asa iray fotsiny.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato amin'ny tabilao ny ohatra eto ambany ary asaivo mifanakalo hevitra ny vondrona tsirairay.*

Fandaniana	Isany isan-taona	Sandany	Fitambarany
Voly vary	In-2 isan-taona	Ar 200.000	Ar 400.000
Varotra Coca Cola	Tavoahangy 500 isan-taona	Ar 20.000	Ar 100.000
FITAMBARAN'NY MASONKARENA			Ar 500.000

Tabilao 2

- Fandaniana hafa inona no mbola tokony anampiana amin'ny voly vary?
  Misy fandaniana hafa ve ankoatry ny voasoratra mikasika ny fivarotana Coca Cola?
  - Saran-dalana mankany am-piasana
  - Ny vola ividianana ny Coca Cola
  - Ny fampangatsiahana
- Inona no rohy mampitohy ny tabilao voalohany sy faharoa?
  - Ny soratra ao amin'ny tsanganan'ny fandaniana dia mitovy amin'ny vola miditra.
  - Tokony hitovy ny isa na ny fahatetehana isan-taona

ASA ATAON'NY TSIRAIRAY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asaivo vitain'ny tsirairay ny fikajiana ny tabilao faharoa mikasika ny fandaniany manokana. Tsiahivo azy ny mampiditra ny fandaniana mandritra ny taona.*

C: Fikajiana ny vola miditra madiodio

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Hikajy ny vola miditra madiodio amin'izay isika.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato eo amin'ny solaitra be ny ohatra eo ambany hamaranana ity tapany ity. Asehoy ny ifandraisan'ny tabilao voalohany sy faharoa ary ny faha 3.*

MIDITRA	- MIVOAKA	= MADIODIO (TOMBONY)
Ar 2.150.000	- Ar 500.000	= Ar 1.650.000

Tabilao 3

ASA ATAON'NY TSIRAIRAY

Afaka mameno ny tabilao faha3 ny tsirairay. Fantaro ny fitambaran'ny vola miditra ary analao ny fandaniana ary ho hitanao ny tombom-barotra azonao na ny vola azo madiodio.

Famantarana ny Fandanian'ny Tena Manokana

ASA ATAON'NY REHETRA *(Mampiasà FANAMPIANA MASO: Mikasika ny Karatra Misy ny Ilaina sy Irina)*
Ny dingana faharoa amin'ny fanaovana teti-bola dia ny famantarana ny fandaniantsika. Zava-dehibe ny hahaizantsika manavaka ny zavatra ilaina sy ny zavatra irina.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asaivo mieritreritra ireo zavatra mety andaniana vola mahazatra andavan'andro ny tsirairay anaty vondrona. Raha misy mifanaraka amin'izany ny karatra eny aminao dia apetaho eo amin'ny solaitra izany, raha tsia dia sorato amin'ny karatra tsy mbola nisy soratra ny hevitra avoakany. Tadidio ny hihevitra ireto sehatra manaraka ireto.*

- Inona avy ireo karazan-javatra fandaniantsika vola an-davan'andro?
    - Sakafo
    - Fandaniana andavan'andro – ao anatin'izany ny rano sy jiro, ny arina fandrehitra
    - Ny fandaniana ara-pahasalamana
    - Ny saram-pianarana – ny fanamiana, ny boky sy ny fandaniana hafa koa mifandraika amin'ny fianarana.
    - Fitafiana
    - Ny fandaniana amin'ny fivezivezena, ohatra: solika, fanamboarana bisikileta na moto, ny saran'ny taxi na bus sns
    - Ny masonkarena – vola tsy maintsy ampiasainao hahafahanao mahazo tombony ivelomana.
    - Ny am-pahafolony

Rehefa vita ny fitanisana an'ireo ka mbola misy karatra tavela eny aminao dia anontanio raha fandaniana mety ataon'ny olona amin'io faritra io ilay voasoratra ao na tsia.

Asaivo zarain'ny vondrona ho antonta roa ny karatra rehetra ka ny iray mikasika ny ilaina ary ny faharoa mikasika ny irina. Ny ilaina dia izay zavatra tsy maintsy ilaintsika hahavelona na hahafahantsika mampidi-bola na hahafahana mahazo izay farafahakeliny ilain'ny ankohonana. Ny irina kosa dia izay mba irintsika ho azo fa tsy tena ilaina.

Avelao izy ireo no hifantina ny karatra avy eo miaraha manapa-kevitra aminy. Ataovy azo antoka fa ny karatra rehetra ao amin'ny antonta misy "ny ilaina" dia milaza ireo zavatra tsy maintsy ilaina hahavelona ka raha tsy misy an'io dia mety ho faty ilay olona. Voasokajy ao anatin'izany ny sakafo, ny voa hafafy, ny saram-mpianarana. sns. "Ny irina" dia tokony hahitana ireo zavatra manatsaratsara kokoa ny fiainana nefa azo avela fa tsy mahafaty ny tsy fananana azy. Ohatra: tafon-trano vaovao.

Ireto avy ny lisitry ny karatra misy ireo zavatra irina sy ilaina. Ataovy Ir ny irina ary Il ny ilaina, io anefa dia miovaova araka ny toerana. Soso-kevitra ireto voalaza eto ambany ireto.

sakafom-biby (Il)	gazy (Ir/Il)	boky fianarana (Il)
sakafo fototra (Il)	sakafo matsiro (Ir)	saram-pianarana (Il)
bisikileta (Ir)	fanafody (Il)	voa hafafy (Il)
fitafiana (Il/Ir)	moto (Ir)	fitaovana (Il)
coca cola (Ir)	gazety (Ir)	TV (Ir)
jiro	lapoaly hafa vaovao (Ir)	fanamiana (Il)
ventilateur (Ir)	jiro misy solika (Il)	armoire (Ir)
vata fampangatsiahana (Ir)	radio (Ir)	rano(Il)

Zava-dehibe ny fahafantarana ny mahasamihafa ny zavatra ilaina sy ny zavatra irina ho azo. Rehefa manao teti-bola isika dia atomboka amin'ny famaritana ny sandan'ireo izay ilaina ary rehefa vita izany vao hitantsika raha misy ambim-bola hahafahantsika mividy izay irintsika.

Fitanana an-tsoratra ny vola lany rehetra

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Hanampiana antsika amin'ny fikajiana ny fandaniantsika, izay dingana manaraka hataontsika amin'izao, ny fanoratana ny zavatra andaniantsika ny volantsika rehetra. Ny tena tsara dia atao ho an'ny volana roa mifanesy izany mba ahitantsika mazava kokoa ny vontoatin'ny fandaniantsika. Mety hahagaga anao ny voasoratra ao. Indraindray zavatra heverintsika ho mora vidy nefa vidina matetika sahala amin'ny sakafo maivana ho an'ny ankizy dia lasa vola be raha tena soratana ny fandaniana ao anatin'ny iray taona.

Raha mandany Ar 1.000 in-telo isankerinandro isika dia lasa Ar 156.000 izany isan-taona.
Raha mividy coca sy vatomamy Ar 1.000 isan'andro ianao dia lasa Ar 365.000 izany isan-taona.
Raha mividy kafe na sigara na voanjo voatoto Ar 5.000 isan'andro dia lasa Ar 1.825.000 mandritra ny taona.

Sady manampy antsika hanao teti-bola ny fanoratana ny lany no manampy antsika koa hahafantatra ireo fandaniam-bola tsy araka nefa tsy azo an-tsaina akory.

Hetsika Fanaovana Dingana

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ny* ***TORO LALANA HO ANNY MPIANATRA*** *– Ahitana ny fanoratana ny fandanian'ny ankohonana.*

Azonao ampiasaina io taratasy io hanoratana ny zavatra rehetra andanian'ny ankohonanao vola amin'ny herinandro manaraka na mihoatra an'izay.

Lesona 3: Mao Teti-bola ho an'ny Ankohonana (Tapany Faha 2)

Hevi-dehibe

- Ny dingana faharoa amin'ny fanaovana teti-bola dia ny fikajiana ny vola ilaina mandritra ny taona.
- Hokajiantsika amin'izany ny elanelan'ny vola miditra sy ny vola ilaintsika.

Fitaovana

- Fanampiana maso: Peta-drindrina misy ny fianarana manao teti-bola (Tamin'ny lesona faha 2)
- Torolalana ho an'ny Mpianatra – Ireo dingana faha 2 sy faha 3 amin'ny fanaovana teti-bola (2 pejy - dika1 isan'olona)
- Taratasy lehibe na Solaitra be malalaka hanoratana ireo hevitra omen'ny tsirairay sy ireo ohatra.
- Penina fanoratana

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Apetaho amin'ny toerana taka-mason'ny rehetra ny* ***FANAMPIANA MASO*** *mikasika ny fanaovana teti-bola avy amin'ny lesona faha2 mandritra ny fianarana.*

- Ahoana ny fomba nanoratana ny fandaniana rehetra?
- Nisy zavatra nanaitra anao ve tao?

Hotakonantsika ny dingana faha2 sy faha3 amin'ny fanaovana teti-bola ho an'ny ankohonana.

Dingana Faha 2: Fikajiana ny Zavatra Ilaina

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Rehefa voasoratra ny fandaniantsika mandritra ny iray volana dia afaka manomboka. Raha tsy manana an'izany dia azo tombanana fotsiny ka ny zavatra ilaina no jerena mialoha.

- Inona avy ireo zavatra ilain'ny ankohonana mba hahavelona azy araka ny tokony ho izy.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato amin'ny taratasy lehibe na solaitra be ny valiny. Ataovy azo antoka fa tena zavatra ilaina no voasoratra ao ary tsy zavatra irina.*

Tahaka ny tao amin'ny lalao natao teo aloha, misy ny fandaniana aloa isam-bolana, ny sasany kosa fotoana mahalana mandritra ny taona (ohatra ny saram-pianarana, ny fanafody, ny masomboly) Tadidio ny hihevitra ireto sehatra manaraka ireto:

- Sakafo
- Zavatra ilaina andavan'andro toy ny jiro sy rano na fandrehitra
- Fandaniana amin'ny saram-pianarana, fanamiana, boky na zavatra hafa ilaina amin'ny fianarana
- Fitafiana
- Fandaniana amin'ny fivezivezena, ohatra: lasantsy na fanamboarana bisikileta na saran'ny taxi na bus na hafa
- Ny ampahafolony

Zarao roa ankehitriny ireo zavatra voatanisa:

- Fandaniana isam-bolana mahazatra – Zavatra aloa isam-bolana na mihoatra
- Fandaniana hafa – Zavatra aloa indraindray na mahalana ao anatin'ny taona.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ataovy eo amin'ny solaitrabe ny kisarin'ny tabilao etsy ambany ary mifanakaloza hevitra miaraka amin'ny rehetra.*

FANDANIANA MAHAZATRA ISAM-BOLANA

Karazam-pandaniana	Isan'ny andro na volana	Vidiny	Fitambarany
Sakafo	30	Ar 2.000	Ar 60.000
Jiro	1	Ar 4.000	Ar 4.000
Rano	1	Ar 3.000	Ar 3.000
Ampahafolony	4	Ar 3.000	Ar 12.000
Zavatra ilaina andavan'andro: ohatra fitaovana fanadiovana	4	Ar 2.000	Ar 8.000
Saram-pianarana isam-bolana	1	Ar 5.000	Ar 5.000
Saran-dalana	30	Ar 100	Ar 3.000
		Fandaniana 1 VOLANA	Ar 95.000
		20% Fandaniana tsy ampoizina	Ar 19.000
		FITAMBARANY AO ANATIN'NY 1 VOLANA	Ar 114.000
		Ampitomboina 12 VOLANA	Ar 1.368.000

Mariho fa eny ambanin'ny tabilao dia ahitana kajy mihoatra ho an'ny fandaniana tsy ampoizina.

- Nahoana no ampiana 10% na 20%?
    - *Na dia miezaka manao izay marina indrindra amin'ny kajy atao isika dia misy foana ny miova sy adino amin'ny fandaniana sasany. Misy ny sasany no tsy azo an-tsaina mihitsy. Mba hahatonga ny fikajiana hanakaiky ny tena izy dia asiana toerana ho an'ny fandaniana tsy ampoizina. Ny fomba iray hanaovana izany dia ny fanampiana 10%n'ny fandaniana rehetra na manokana vola voafaritra isam-bolana. Ny fanaovana izany dia manampy mba tsy hampikorontana ny teti-bola efa napetraka. Raha tsy voakitika izany mandritra ny taona dia azo ampiana any amin'ny tahiry na ampiasaina amin'ny zavatra manokana.*

FANDANIANA HAFA

Karazam-pandaniana	Isan'andro na volana	Vidiny	Fitambarany
Fanamina an-tsekoly	1	Ar 30.000	Ar 30.000
Boky fianarana	1	Ar 15.000	Ar 15.000
Akanjo sy kiraro	2	Ar 15.000	Ar 30.000
Fanamboarana trano	1	Ar 25.000	Ar 25.000
		1 TAONA	Ar 100.000
		10% Ho an'ny fandaniana tsy ampoizina	Ar 10.000
		FITAMBARANY 1 TAONA	**Ar 110.000**

FANAZARANA ATAON'NY TSIRAIRAY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Omeo ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA*** *misy ny fanaovana teti-bola dingana faha2 sy faha3. Raha misy tsy mahay manoratra dia asaivo mandeha tsiroaroa ka izay mahay manoratra no mandika ho an'izay tsy mahay manoratra.*

Ampiasao ny lisitry ny zavatra ilaina efa nataontsika ary fenoy ny tabilao misy ny fandaniana mahazatra (tabilao faha4) sy ny tabilaon'ny fandaniana hafa (tabilao faha5) ho an'ny ankohonanao.

Tadidio tsara ireo karazam-pandaniana isam-bolana. Raha misy tsy mbola voasoratra eo amin'ny tabilao dia azonareo ampiana.

Rehefa vita izany rehetra izany dia asehoy ny hafa ny teti-bola namboarinao ary anontanio ny hevitr'izy ireo mikasika izany. Mety hisy zavatra adinonao nefa takatry ny sainy.

Dingana Faha 3. Mikajy ny elanelana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Amin'izao dia fantantsika ny vola miditra amintsika isan-taona ary fantantsika koa ny vola ilaina hivelomantsika. Fotoana hikajiana ny elanelana izao, izay dingana faha3 amin'ny fanaovana teti-bola.

Ohatra:

Vola miditra	**- Fandaniana mahazatra**	**- Fandaniana hafa**	**= FITAMBARANY**
Ar 1.650.000	- Ar 1.368.000	- Ar 110.000	= Ar 172.000

Tabilao 6

Amin'ny takelaka eny aminareo, Ampiasao ny tabilao faha6 ka analao ny fandaniana mahazatra sy ny fandaniana hafa ny vola miditra.

- Miabo sa miiba ny ambiny?

Raha miiba ny ambiny

Raha kely noho ny fandaniana ny vola miditra dia hahazo ambiny miiba ianao. Midika izany fa mandany mihoatra noho ny vola miditra aminao ianao. Miteraka olana izany. Ivereno jerena raha tena zavatra ilaina daholo no voasotra ao amin'ny lisitra natao. Jereo sao misy irina lasa ilaina ka mampitombo ny fandaniana. Misy zavatra azo avela ve amin'ireo heverina ho ilaina hampihenana ny fandaniana?

Raha tsy misy zavatra azo esorina intsony nefa mbola miiba ihany ny elanelana misy dia tokony hihevitra fomba hafa hanampiana ny fidiram-bola hahafahana mahazo izay ilaina amin'ny fivelomana. Tsy azo heverina ny fanaovana trosa raha tsy amin'ny toe-javatra tena tsy azo anoharana na ho an'ny asa atao hampidi-bola.

Lesona Faha 4:
Mamantatra ny Fomba Fampiasana Vola

Hevi-dehibe

- Misy fomba maro azo ampiasana vola
- Ny manao tahiry dia manan-danja lehibe satria manampy amin'ny fiatrehana fandaniana tsy ampoizina.
- Ny mampiasa vola koa dia zava-dehibe satria manampy antsika hahazo tombony amin'ny ho avy
- Ny manome dia zava-dehibe satria fankatoavana an'Andriamanitra izany ho fanomezam-boninahitra Azy

Fitaovana

- Fanampiana Maso: mikasika ny fomba fampiasana vola - "Mandany", "Mitahiry", "Mampiasa" ary "Manome" (Manaova dika mitovy amin'ireo ary tapatapaho dia atokany ho antonta 1)
- Fanampiana Maso: Karatra mikasika ny Lehilahy manankarena sy mahantra (na voan-tsaramaso atao solon'ny vola)
- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Fitsipika mifehy ny lalao mikasika ny Lehilahy mahantra sy manankarena (Dika 1 isan'olona)
- Karatra tsy misy soratra (20 isaky ny vondrona)
- Penina (1 isaky ny vondrona kely)

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Inona avy ireo karazana fampiasana vola?

Mandany, Mitahiry, Mampiasa ary Manome

ASA ATAO ANATY VONDRONA KELY

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ho vondrona 3 ny mpandray anjara rehetra. Omeo karatra tsy misy soratra miisa 20 isaky ny vondrona ary asaivo manoratra ao ny hevitra hitan'izy ireo ny amin'izay mety ampiasana vola. Asaivo mieritreritra zavatra toy ny "mividy lamba," "mividy sakafo," "mitahiry," "mividy tany," "mividy omby," "mividy zavatra hamidy," "manome ny mahantra," (Tsy hoe "mividy vary," ihany na "mividy karoty," "mividy voatabia," "mividy henan-kisoa"…). Samy mitahiry ny karatra eny aminy mandritra ny fifanakalozan-kevitra ataon'ny vondrona rehetra.*

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE – FANAMPIANA MASO: Mikasika ireo fomba fampiasana Vola

Misy karazany 4 ny fomba fampiasana vola

Ohatra, misy mpamboly katsaka avy nijinja ny katsaka namboleny, misy fomba 4 afaka ampiasany ny vokany.

1. "**Holaniana**" – Tonga dia atao sakafo. Tsy ampiasaina amin'ny fotoana manaraka ary tsy manampy hitadiavana vola amin'ny ho avy.
2. "**Tahirizina**" – Tahirizina hoanina amin'ny fotoana manaraka. Io ilay vola ataontsika tahiry hitsinjovana ny vodiandro ho merika – afaka ampiasaina amin'ny andro ho avy.
3. "**Ampiasaina**" – Tahirizina hividianana masom-boly hambolena amin'ny taona manaraka. Ilay vola ampiasaintsika hahazoana tombony amin'ny manaraka.
4. **"Omena"** – Manome katsaka ho an'ny hafa. Ilay fanomezana ataontsika ho an'ny hafa na atao am-pahafolony.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Apetaho ambany amin'ny tany ny taratasy misy ireo karazana fampiasa vola 4 (Mandany, Mitahiry, Mampiasa ary Manome) Asaivo apetraky ny tsirairay mifanaraka amin'ireo ny karatra efa nasiana soratra eny aminy. Ataovy azo antoka fa mifanaraka tsara ny karatra sy ny lohahevitra. Azavao avy eo:*

Rehefa mandany zavatra isika dia lany tokoa izany — tsy manana hampiasaina amin'ny manaraka intsony.
Raha mitahiry indray, dia manana holaniana amin'ny fotoana manaraka.
Raha mampiasa kosa dia mampitombo ka afaka manana mihoatra amin'ny manaraka.
Raha manome, dia mampanana ny hafa araka ny fankatoavana an'Andriamanitra.

- Inona avy ireo ohatra amin'ny fomba fampiasana vola?

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asaivo manampy hevitra 5 hafa ny amin'ny fomba hampitomboana vola ny mpandray anjara.*

Lalao Mikasika ny Lehilahy Mahantra sy Manankarena

LALAO ANATY VONDRONA LEHIBE – *Mampiasà **TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA**: mikasika ny fitsipiky ny lalao "lehilahy mahantra sy manankarena". Manaova dika ho an'ny rehetra ary hetezo ny fanampiana maso: Karatra misy an'ilay lehilahy mahantra.*

Hanampiana antsika hahatakatra tsara ny hevitra tiana ambara sy ny fiantraikan'izany no hanaovantsika an'ity lalao ity.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ho vondrona ahitana olona 2 na 3 ny mpandray anjara. Raha latsaky ny 8 dia afaka mandeha tsirairay. Samy omeo ny fitsipi-dalao ny rehetra, **TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA** misy ny fitsipi-dalao. Jereo indray ny fitsipi-dalao.*

1. Samy omeo karatra misanda vola 10 isaky ny vondrona na voan- tsaramaso 10.
2. Omeo fotoana fohy ny vondrona tsirairay hieritreretany ny fomba hampiasany 'ny volany.'
3. Tetezo ny vondrona rehetra ary makà karatra misanda vola araka ny fomba tiany hivelomana, sahala amin'izao manaraka izao:
    a. Omeo ny vondrona avy ny karatra misy ny zavatra ilainy an-davan'andro na karatra misy ny fampitomboana vola raha nividy izany izy.
    b. Afangaroy ny kara-pahasalamana miaraka amin'ny karatra ho an'ny aretina iray. Asaivo misintona iray izy ireo.
    c. Raha mahavoaray ny karatra misy ny aretina dia mandoa karatra misanda vola 2. Raha tsy afaka mandoa dia very karatra 3 izy amin'ny fidiram-bolany manaraka.
4. Rehefa nahavita ny vondrona tsirairay dia omeo karatra misanda vola 10 indray ho an'ny seho manaraka miampy karatra avy amin'ny fampiasam-bola na karatra ampiasaina amin'ny fianarana. Esory ilay karatra 3 amin'izay nahasintona karatra misy aretina nefa tsy mbola afaka nandoa ny sarany.

Averimbereno ny lalao.

Tsiahivo ny vondrona ny tokony hampitomboana vola raha sendra tsy misy manao izany.

Rehefa avy namerimberina, raha nampiasa ny volany daholo izy ireo dia ampio hijery ny fiantraikan'izany raha nanao tahiry izy fa tsy nampitombo ny volany.

Avereno indray ny lalao ary asaivo misy manao tahiry sy mampitombo vola ny vondrona.

FANDINIHANA ATAON'NY VONDRONA MIARAKA

- Inona no mitranga amin'ity lalao ity?
- Inona no tsapanao eo am-pilalaovana?
- Ahoana no nanapahanao hevitra ny amin'izay atao?
- Nanam-bola ampy ve ianao hanaovanao izay tianao hotanterahina?
- Maneho ny tena zava-misy marina ve ity lalao ity?
- Rehefa manana ambim-bola ny mahantra, inona no fanaony matetika?
- Manao ahoana ny fahasarotan'ny fampitomboana vola ho an'ny mahantra?
- Ahoana ny hiheveranao fa zava-dehibe ny fampitomboana vola ho an'ny mahantra?
- Inona no azo atao hahamora ny fampitomboana vola ho an'ny mahantra?

Afaka mampitombo vola sa mitahiry ny mahantra? *Famintinana*:

- Sarotra amin'ny mahantra ny sady hampitombo vola no hitahiry nefa raha mikiry izy dia afaka ny hifehy tena mafy ary hanatsara ny fiainany.
- Iray amin'ireo fandrika lehibe ho an'ny mahantra ny findramam-bola. Mba ialana amin'ny mety hitrangan'izany dia tokony hivonona ny mahantra amin'ny hetsika lehibe hitranga amin'ny fiainana sahala amin'ny fanambadiana, fahafatesana na aretina sns…
- Tsy misy maharatsy ny fananana an'ireo fa tsy io no tokony hampiasana ny vola aloha. Raha nampitomboina aloha ny vola dia ho tsaratsara lavitra kokoa ny fiainana.
- Sahala amin'ity lalao ity, matetika ny mahantra tsy mampiasa ny volany am-pahendrena. Betsaka ny mahantra milaza fa tsy manam-bola hatao tahiry nefa manam-bola hividianana toaka.

TSIROAROA

Miresaha:

- Ohatrinona amin'ny volan'ny ankohonanao no laninao na atao tahiry na ampitomboina na omena?
- Io tokoa ve no fitambarany? Ampy ve ny vola ampitomboina? Ny atao tahiry? Ny omena?
- Ahoana ny hahafahanao mampitombo vola bebe kokoa?

Torolalana Ho An'ny Mpianatra: Fitsipi-dalao Lehilahy Mahantra - Manankarena

Vola miditra

Ny vondrona tsirairay mandray karatra misanda vola 10 na voan-tsaramaso ampiasaina isaky ny seho

Fandaniana

Manapa-kevitra ny vondrona tsirairay ny amin'izay andaniany ny volany. Tsy voatery laniana daholo ny vola isaky ny seho.

- Sakafo - in2 isan'andro 5
  - Hena 7
  - Lafo vidy 10
- Jiro 2
- Saram-pianarana 1 isan'ankizy (manana 3 ianao)
- Fitaovana ao an-trano
  - Lava-piringa 5 Seza vaovao 2
  - Bisikileta 2 Fanamboarana tafo 5
  - TV 3 Radio 1

Karatra ho an'ny aretina

Raha marary ianao dia asaina mandoa karatra 2 ho an'ny vola lany sy fanafody. Raha tsy afaka mandoa eo noho eo dia mandoa karatra 3 amin'ny vola miditra manaraka (2 ividianana fanafody ary 1 zana-bolan'ny vola nindramina.)

Fampitomboana vola

Isaky ny miverina ny lalao dia afaka manapa-kevitra ny hampitombo vola ianao. Isaky ny fampiasam-bola dia karatra 3 no ampiasaina. Isaky ny mampiasa vola mitondra karatra 3 ianao dia mandray karatra 1 amin'ny seho iray. Azonao amidy amin'ny fotoana izay tianao ny varotra ataonao saingy karatra 2 ihany no ho azonao amin'izany.

Saram-pianarana

Ny ankizy tsirairay nandoavana sara-pianarana in-telo dia hahazo karatra 3 isaky ny fiverenana.

Lesona Faha 5: Manomana Teti-bola ho an'ny Ankohonana (Tapany Faha 3)

Hevi-dehibe

Misy zavatra 5 afaka ampiasantsika ny ambim-bolantsika rehefa nalàna tamin'ny vola niditra avokoa ny fandaniana rehetra:

- Mitahiry
- Mampitombo vola
- Manome
- Ampiasaina amin'ny zavatra 'Irina'
- Tahiry Manokana

Fitaovana

- Fanampiana Maso: Peta-drindrina misy ny fanaovana teti-bola (Lesona faha 2)
- Fanampiana Maso: Fomba 5 ampiasana vola (pejy 3 – adika ary tapatapahina, dika 1 isaky ny pejy)
- Torolalana ho an'ny mpianatra: Dingana faha 4 fanaovana teti-bola (Dika 1 isan'olona)
- Torolalana ho an'ny mpianatra: Mila ny lesona rehetra mikasika ny fanaovana teti-bola dingana 1hatramin'ny 3 ao amin'ny lesona faha 2 sy faha 3; Tabilao 1 hatramin'ny 6.
- Solaitra be/sy taratasy lehibe ary
- Ny mpandrindra dia tokony hanana ny dika manontolo ahitana ny ohatra rehetra ao amin'ny torolalana ho an'ny mpampianatra dingana 1 hatramin'ny 4; tabilao 1 – 7

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Apetaho ny* ***FANAMPIANA MASO*** *Lesona 2: peta-drindrina momba ny fanaovana teti-bola, amin'ny toerana tazan'ny rehetra mandritra ny lesona.*

- Amin'ny fiaraha-monina iray, ahoana no fandanian'ny olona ny ambim-bola ananany?

Hijery ny dingana faha 4 amin'ny fanaovana teti-bola isika izao: ahoana ny fandraisana fanapahan-kevitra ny amin'ny fampiasana am-pahendrena ny ambim-bava.

Fomba 5 entina mampiasa ny ambim-bola

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Tsy ny rehetra no tsy hanana ny ampy rehefa manao teti-bola dingana 1 hatramin'ny 3. Raha misy ambiny ny volanao dia afaka manomboka mandamina ny amin'ny hampiasanao ny vola ianao. Misy fomba dimy entina mampiasa ny ambim-bola eo aminao.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Tazony manatrika ny rehetra ny* ***FANAMPIANA MASO*** *misy ny fomba dimy entina mampiasa vola, tsirairay isaky ny mifanakalo hevitra mikasika ny dingana resahina ianareo. Ampifandraiso amin'ny lalao natao mikasika ny lesona teo aloha.*

1. Mitahiry

Tadidio ny tantaran'I Josefa ao amin'ny Baiboly?

- Misy afaka mitantara izany tantara izany ve?

Josefa dia namidy ho andevo ary nentina tany Egypta. Rehefa voaendrikendrika tsy araky ny rariny dia naiditra tao am-ponja. Indray Andro dia nanonofy Farao nefa tsy azony izay dikany. Ireo olon-kendriny rehetra dia tsy nisy afaka nilaza taminy ny dikan'ny nofiny. Teo no nahatsiaro ilay mpitondra kapokan'ny Farao fa Josefa dia nandika ny nofiny tao am-ponja. Nentina teo anatrehan'ny Farao i Josefa ary noho ny fanampian'Andriamanitra dia afaka nandika ny nofin'ny Farao izy. Tao amin'ny nofy dia nahita omby fito matavy sy omby fito mahia izy. Ny omby fito mahia dia nihinana ny omby fito matavy nefa rehefa lany izany dia tsy hita akory hoe avy nihinana ny omby fito matavy izy ireo. Sahala amin'izany koa ny amin'ny voa, nanazava Josefa fa hisy 7 taona mahavokatra ary hisy fito taona mosary. Nanoso-kevitra ny Farao izy mba hanangom-bokatra mandritra ny fito taona mahavokatra hahafahana mitsinjo ny fito taona mosary. Narahan'ny Farao ny hevitra nomeny ary voavonjy tamin'ny hanoanana Egypta.

Tahaka ny tamin'ny andron'I Josefa, isika koa dia miatrika andro mora sy sarotra eo amin'ny fiainantsika. Indraindray dia mihevitra isika fa ratsy foana ny fotoana rehetra nefa raha afaka nandoa ny fandaniana rehetra isika ka misy ambiny dia azo lazaina fa fotoana tsara izany fa fotoana azo anangonana anaovana tahiry. Amin'ny fiainana dia mety hiatrika karazam-potoana rehetra ilana vola isika: aretina, fahasimban'ny voly, mariazy na fahafatesana, sns.... Araka ny nasehon'Andriamanitra an'I Josefa dia tokony hahay hanao tahiry isika rehefa manana mihoatra mba ho vonona hiatrika ny fotoan-tsarotra. Na dia kely aza no tahirizina mian-dalana dia hiangona hahavitan-javatra izany. Raha tsy maintsy mindrana noho ny hamehana dia ho sarotsarotra ny hialana amin'ny fahantrana.

Raha manana mihoatra ianao, ny zavatra voalohany tokony ataonao dia ny mitahiry ampahany amin'io mba hahafahana miatrika izay mety fandaniana amin'ny vidim-panafody na zavatra hafa tampoka sns...

2. Mampitombo Vola

Ny fomba iray hafa azontsika ampiasana ny vola ambiny dia ny fampiasana azy hahazoana tombony amin'ny manaraka. Hitantsika izany tamin'ny lalao natao nandritra ny lesona teo aloha. Raha ampitombointsika ny vola dia hanampy antsika hahazo vola bebe kokoa izany. Amin'ny teti-bola nataontsika dia efa nisy vola natokana hividianana masom-boly hambolena amin'ny taona manaraka. Raha mbola misy ambiny dia azo ividianana zavatra hafa azo ampitombona vola toy ny mividy akoho na gana na osy hamidy indray, na hamoronana dobon-trondro na hanaovana zaridaina sy hananganana toerana fambolena hazo fihinam-boa. Eritrereto tsara izay zavatra hafa mety atao hampitomboana vola. Raha manomboka fampidiram-bola vaovao na dia kely aza, ny taona manaraka dia hanana vola ambiny hatao renivola indray ianao ary hirona tsikelikely ho fampidiram-bola lehibe izany. Hanomboka hiala amin'ny fahantrana ianao rehefa mampitombo ny volanao ka isan-taona dia hahazo mihoatra noho ny tamin'ny taona lasa.

- Inona avy ireo fomba azo ampitomboana vola?

3. Manome

Ny Baiboly dia milaza amintsika fa Andriamanitra dia hanome antsika araka ny fatra hanomezantsika (Lioka 6:38). Raha manome malalaka isika, dia halalaka koa ny fanomezan'Andriamanitra fitahiana ho antsika, fa raha mahihitra kosa dia hampiato ny fitahian'Andriamanitra ho antsika izany. Azontsika atomboka amin'ny fanomezana ny ampahafolony izany sy fanomezana olona hafa na tetik'asa azo tohanana.

- Inona no katsahinao fatratra? Ny fahafahana mandray fanomezana sa ny fahafahana manome?
- Raha tena mino ny Lioka 6:38 isika, dia inona izany no tokony ho laharam-pahamehana amintsika? Mandray sa manome?

4. Laniana amin'ny zavatra 'Irina'

Mazava ho azy fa raha misy ambim-bava isika dia azontsika ampiasaina amin'ny zavatra irintsika. Mitandrina tsara mijery ireo zavatra voatanisa amin'ny zavatra irina ka inona amin'izy ireo no tena laharam-pahamehana. Tsy tokony ho azon'ny fakam-panahy ny hifampitaha amin'ny ankohonana hafa isika fa ny hanao izay manome

voninahitra an'Andriamanitra aloha. Ny manamboatra ny simba amin'ny trano na manao lava-piringa vaovao dia samy zavatra tsara daholo fa mila mitandrina mba tsy hampihitsoka vola amin'ny Tele na moto raha tsy hoe efa manana vola natokana ho an'izany. Ny mampitombo vola hahazoana vola ampiasaina amin'ny ankohonana bebe kokoa ny tsara noho ny hividy zavatra ho an'ny fahafinaretana fotsiny. Rehefa mihabetsaka ny vola miditra vao malalaka mividy zavatra sahala amin'ireny satria ny teti-bolantsika dia natao ho an'izay farafahakeliny hahafahantsika mivelona. Mety hanana faniriana koa isika hampiakatra ny fandaniantsika isam-bolana mba hanatsaratsara kokoa ny fiainana fa tsy mihafy be foana ka ao anatin'izany ny mba fahafahana misakafo ivelany ohatra na misakafo tsaratsara kokoa.

5. Tahiry Manokana

Tao aloha tao dia niresaka isika momba ny tahiry iatrehana hamehana sy ny fandaniana tsy ampoizina. "Ny Tahiry Manokana" dia tahiry omanina ho an'ny tetik'asa manokana toy ny fananganana trano vaovao na fividianana moto. Ireo zavatra ireo dia haka mihoatra ny 1 taona ny fanangonana hahavitana azy. Tsara raha manana faharetana manangona hahafahana mividy ny zavatra toy ireo toy izay hilatsaka anaty trosa. afaka manokana vola tsikelikely isan-taona hahafahana manao izany. Fomba hafa hahafahana mividy an'ireo dia ny fampitomboana vola ary ny tombony no entina mividy azy. Ohatra: afaka mamboly hazo ka rehefa afaka tapahana amidy izany dia ny vidiny no ampiasaina ividianana izay ilaina hanatsarana ny trano. Mila manana faharetana ary miandry mandra-pananana ny vola ampy ampiasaina vao mividy.

- Inona avy ireo fandaniana lehibe tianao hanaovana tahiry hahazoana azy?

Dingana Faha 4: Mampiasa ny ambim-bava am-pahendrena

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Efa nanomana ny dingana voalohany, faharoa sy fahatelo mikasika ny teti-bola isika. Ankehitriny dia hofaritantsika ny fomba hampiasana ny ambim-bava.

Amin'ny lesona faha 3 dia efa vitantsika ny tapany voalohany amin'ny teti-bola. Manana Ar 172.000 isika ambim-bava. Afaka manomboka mandamina ny amin'izay ampiasana azy io isika.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Soraty eo amin'ny solaitrabe na taratasy lehibe ny tabilao eto ambany:*

Zavatra atao	**Tombany**
Tahiry	Ar 20.000
Ampiasaina	Ar 50.000
Omena	Ar 20.000
Irina	Ar 30.000
Tahiry manokana	Ar 50.000 + Ar 2.000 = Ar 52.000
TOTALY	**Ar 172.000**

Ohatra Tabilao faha 7

Hazavao – Raha manapa-kevitra ny hitahiry Ar 20.000 isika, mampiasa Ar 50.000, manome Ar 20.000, mividy zavatra irina Ar 30.000 ary manao tahiry manokana hividianana Moto Ar 50.000. Hatreo dia Ar 170.000 no fitambarany ka mbola manana ambiny Ar 2.000 isika ka ndeha ampiantsika amin'ny tahiry manokana.

Manaova teti-bola ho an'ny volanao manokana ary. Jereo ny ambim-bolanao ao amin'ny lesona faha 3. Soraty ery ambany amin'ny tabilao izany. Soraty isaky ny zavatra atao ny vola tianao ampiasaina aminy. Raha mihoatra dia misy tokony analana ary raha tsy feno dia misy tokony ampiana.

FANAZARANA ATAON'NY TSIRAIRAY

***Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: Zarao ny TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA**: mikasika ny dingana faha 4 fanaovana teti-bola. Asao hamita ny tabilaony sy ny kajy mifanaraka amin'izany ny mpandray anjara tsirairay.*

Rehefa vita ny fandrafetana ny teti-bolanao dia asehoy ny hafa izany ary anontanio azy izay mety ho soso-keviny mikasika an'io.

TATITRA

***Torohevitra ho an'ny Mpandrindra:** Rehefa miverina mijery ny teti-bola farany toy ny hita eto ambany ianareo dia asehoy araka ny ohatra efa voasoratra ka ampaherezo ny tsirairay hanitsy ny azy na hampifanaraka izany amin'izay voasoratra ao amin'ny **TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA**.*

Ndao iverenana jerena ny dingana rehetra:

Dingana 1: Mikajy ny vola miditra. (Torolalana ho an'ny Mpianatra: Lesona 2: Manao teti-bola Dingana 1)
Fitambaran'ny vola miditra (*Tabilao 1)* – Fandaniana *(Tabilao 2)* = Vola miditra madiodio *(Tabilao 3)*

Dingana 2: Mikajy ny zavatra ilaina. (Torolalana ho an'ny Mpianatra: Lesona 3: Manao teti-bola Dingana 2)
Fandaniana mahazatra isam-bolana (*Tabilao 4)* & sy fandaniana hafa *(Tabilao 5)*
(aza adino ny mampiditra ny fandaniana tsy ampoizina)

Dingana 3: Mikajy ny elanelana. (Torolalana ho an'ny Mpianatra: Lesona 3: Manao teti-bola Dingana 3)
Vola miditra madiodio – Fandaniana mahazatra – fandaniana hafa = Fitambarany *(Tabilao 6)*

Dingana 4: Mampiasa am-pahendrena ny ambim-bava. (Torolalana ho an'ny Mpianatra: Lesona 5: Manao teti-bola Dingana 4)
Fifehezan-tena atao *(Tabilao 7)*

Amin'ny manaraka dia hianatra fomba iray hanampiana antsika tsy hiala amin'io teti-bola ataontsika io isika.

Lesona 6: Mitantana Vola

Hevi-dehibe

- Mila rafitra isika hahafahantsika tsy miala amin'ny teti-bola natao
- Ny fampiasana valopy dia fomba iray tsara hahafahana mitantana vola
- Ny Lahy sy vavy ao an-tokantrano dia tokony samy hifehy tena manaraka ny teti-bola natao.

Fitaovana

- Fanampiana maso: Marika hamantarana ny fandaniana (Dika voaprinty 1 ary efa voatapatapaka)
- Fanampiana maso: Valopy atao ohatra, efa voaisy marika mialoha (vondrona valopy 16 efa misy marika)
- Valopy tsy mbola misy marika (10 isan'olona)
- Fanampiana maso: Karatra atao vola misanda Ar 20.000 ohatra. Ataovy azo antoka fa azo zarazaraina na atakalo ho vola madinidinika. Afaka ampiasaina ny karatra misanda vola tamin'ny lesona 1, sy ny vola Ar 1.000 nomena mihoatra.
- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Ny mpandray anjara dia tokony hanana ny lesona feno momba dingana 1 hatramin'ny 4 fanaovana teti-bola (lesona teo aloha)
- Ho an'ny Mpandrindra, lesona feno momba ny ohatra fanaovana teti-bola dingana 1 hatramin'ny 4 (avy amin'ny lesona teo aloha)

Fampidirana

Ny dingana voalohany mahatonga antsika ho mpitantana tsara ny volantsika dia ny fanaovana teti-bola. Tsy ampy anefa izany. Ilaintsika ny mampiasa ny vola araka ny voasoratra ao anaty teti-bola satria ny mampalahelo dia mora ny manoratra azy fa sarotra tokoa ny manatanteraka izany. Raha manana finiavana sy fifehezan-tena anefa dia azo atao ihany izany.

- Ahoana ny fitantananao ny volanao amin'izao fotoana izao? Inona no ataonao hahafahanao manaraka izay zavatra ilanao vola?

Amin'ity lesona ity dia hijery fomba iray tsotra entina mitantam-bola isika dia ny fampiasana valopy.

Ny dingana voalohany ho an'ny mpivady dia ny mifanaiky fa samy hanaraka tsara ny fandaminana apetraka. Raha ny iray ihany no miezaka hanaraka azy dia malaky hita fa tsy handeha araka ny fandaminana izany. Eo anatrehan'Andriamanitra no ifaneken'ny mpivady fa hiezaka araka izay tratra hanatanteraka izay voasoratra ao hitantanana am-pahendrena izay vola nomeny.

Fampiasana ny Valopy

FIFANAKALOZANA ATAON'NY REHETRA – *Ampiasao ny Fanampiana maso momba ireo marika misy ny fandaniana ary ny valopy efa voamarika*
Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ento mandritra ny fampianarana ny tapany A hatramin'ny tapany D etsy ambany ny fanazarana momba ny fampiasana valopy.*

Ny fomba tsara sy mora indrindra hitantanana vola dia ny fampiasana valopy. Rehefa mampiasa an'io fomba io dia zaraina araka ny teti-bola ny vola ary atao ao anaty valopy araka ny marika mifanaraka amin'ny fandaniana ao amin'ny teti-bola. Avy eo vao mampiasa azy arak'izay fotoana ampiasana azy. Ny fampiasana an'io dia miaro antsika tsy hampiasa mihoatra izay efa nomanina satria tsy afaka maka mihoatra noho izay nampidirina ao isika. Mba hahazoantsika izany bebe kokoa dia handray ohatra isika:

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Alaivo avy amin'ny* ***FANAMPIANA MASO*** *ary apetraho eo ambany amin'ny tany na ambony latabatra ny taratasy misy marika mikasika ny fandaniana avy eo mifanakaloza hevitra momba ny tabilao etsy ambany.*

Fandaniana amin'ny vola miditra	Fandaniana mahazatra isam-bolana	Fandaniana hafa	Volan'ny ankohonana

Tadidinareo ve fa amin'ny teti-bola nataontsika dia misy fizarana 3 mazava ho an'ny fandaniana.

1. Fandaniana amin'ny vola miditra (masonkarena)
2. Fandaniana mahazatra isam-bolana
3. Fandaniana hafa tsy mahazatra na tampoka

Isaky ny karazam-pandaniana dia azontsika amoronana valopy. Mila valopy iray ho an'ny fandaniana amin'ny vola miditra, iray ho an'ny fandaniana isam-bolana ary iray isaky ny fandaniana mahalana na tsy mahazatra (sahala amin'ny mikasika ny fianarana atao valopy iray, iray hafa ho an'ny fanamboarana ny simba, ny iray fividianana fitafiana ary iray ho an'ny fandaniana tampoka)

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ataovy mahazo toerana ny valopy voaomana* ***FANAMPIANA MASO*** *ao amin'ny lesona faha 6, Ohatra A – Milahatra araka ny alfabeta ny marika eo amin'ny valopy ka atao manatrika ny mpandray anjara izany. Hazavao fa efa nomaninao ireo valopy ireo araka ny fandaniana hita amin'ny fanazarana natao tamin'ny lesona teo aloha.*

Asaivo alamin'ny mpandray anjara araka ny marika tokony ho izy ny valopy, hatreo amin'ny fandaniana 6 ihany no efa nataonao mpandrindra.

- Amin'ny tokon'ny mariky ny fandaniana manao ahoana no tokony hikilasiana ireto valopy ireto?

Fandaniana Amin'ny Vola Miditra	Fandaniana Mahazatra Isam-bolana	Fandaniana Hafa
Fandaniana amin'ny vola miditra Ar 500.000 isan-taona	Fandaniana isam-bolana Ar 114.000 isam-bolana	Fanamboarana Ar 25.000 isan-taona
		Tsy ampoizina Ar 10.000 isan-taona
		Fandaniam-pianarana Ar 45.000 isan-taona
		Fitafiana Ar 30.000 isan-taona

- Aiza avy ireo fandaniana tampoka anankiroa hita ao amin'ny teti-bola aseho eo amin'ny valopy?
  - *Ny fandaniana tampoka isan-taona dia manana ny valopiny manokana ao anatin'ny 'Fandaniana Hafa'*
  - *Ny fandaniana tampoka isam-bolana dia tafiditra ao amin'ny fitambaran'ny fandaniana isam-bolana.*

Hijery ny fampiasana ity fomba ity amin'izay isika.

a) Volavolao ny Renivolan'ny Ankohonana

Isaky ny mahazo vola ianao dia atambaro amin'ny toerana iray izany. Io no antsoina hoe renivolan'ny ankohonana.

Torohevitra ha an'ny Mpandrindra: *Apetraho eo ambanin'ny marika hoe Renivolan'ny ankohonana ny karatra misanda vola Ar 250.000*

Araka ny toerana misy anao dia afaka mampiasa valopy na boaty mihidy na kaonty amin'ny banky na fitaovana hafa azo antoka ianao hitahirizana ny vola.

b) Atokany ny vola ho an'ny fandaniana mahazatra isam-bolana

Amin'ny voalohan'ny volana tsirairay dia raiso ny Renivolan'ny ankohonana ka apetraho ao anaty valopy tokony hisy azy ny sandan'ny fandaniana mahazatra isam-bolana.
Misy olona mizara ny fandaniana isam-bolana ho valopy maromaro koa ka samy manana ny valopiny avy ny fandaniana madinika ao anatin'io fandaniana isam-bolana io, ohatra: valopy ho an'ny volan-tsakafo, ho an'ny zavatra madinika ilaina, ho an'ny fitaovana fampiasa an-davan'andro sns …

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Esory ny valopy misy ny fitambaran'ny fandaniana isam-bolana (Ar 114.000 isam-bolana) ary omano ny valopy* ***FANAMPIANA MASO*** *voaomana ho amin'ny lesona faha 6, Ohatra B: Ireo valopy voalahatra misy ny fandaniana 5 isam-bolana fanampiny. Asao ny vondrona rehetra hameno ny valopiny avy amin'ny Renivolan'ny ankohonana.*
Miampy amin'ny fitambaran'ny fandaniana mahazatra isam-bolana ve izany?

Fandaniana Amin'ny Fidiram-bola	Fandaniana Mahazatra Isam-bolana	Fandaniana Hafa
Fandaniana amin'ny fidiram-bola Ar 500.000 isan-taona	Ambim-bava isam-bolana Ar 30.000 isam-bolana	Fanamboarana Ar 25.000 isan-taona
Fitafiana Ar 30.000 isan-taona	Fianarana Ar 5.000 isam-bolana	Tsy ampoizina Ar 10.000 isan-taona
	Ampahafolony Ar 12.000 isam-bolana	Fandaniam-pianarana Ar 45.000 isan-taona
	Sakafo Ar 60.000 isam-bolana	
	Jiro sy rano Ar 7.000 isam-bolana	

c) Atokany ireo fandaniana hafa isan-taona

Ny valopy ho an'ny fandaniana isan-taona dia asiana vola indray mandeha isan-taona ihany. Io dia tokony ho rehefa avy mandray vola be toy ny avy nivarotra vokatra. Ataovy avy hatrany ao anaty valopy izay mifanaraka amin'izany.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Azavao fa amin'ity ohatra ity dia aorian'ny fivarotana vokatra vary ihany. Asaivo mameno ny valopiny avy amin'ny Renivolan'ny ankohonana ny vondrona tsirairay avy.*

d) Fampiasana ny vola anaty valopy

1. Ny vola ao anaty valopy ihany no ampiasaina

Aza mikitika ny Renivolan'ny ankohonana intsony raha tsy amin'ny volana manaraka indray. Ny vola voazara any anaty valopy ihany no ampiasao.

Ohatra raha mila vola hanefana jiro sy rano ianao dia sokafy ny valopy mifanaraka amin'izany ary ampiasao ny vola ao. Raha lany ny vola ao anaty valopy iray dia tsy afaka mampiasa vola amin'iny zavatra iny intsony ianao ao anatin'io vola itsahinao io. Mila miandry ny volana manaraka mandra-panisinao vola ao indray vao afaka maka ianao.

Ny mety fotoana afaka hialana amin'ny fandaminana dia raha misy amehana toy ny filana mamonjy mpitsabo haingana ka misy fanafody tokony hovidina. Any amin'ny valopy misy ny fandaniana tsy ampoizina no afaka hakanao an'izany handrakofana ny saran'ny amehana. Aza ampiasaina amin'ny fandaniana momba ny zavatra irinao fotsiny ny volan'ny fandaniana tsy ampoizina. Ohatra fitafiana vaovao. Ampiasao amin'ny zavatra ilaina ihany izany. Mila mianatra mifehy tena isika ary maharitra sy miandry mandra-pananantsika vola vao mividy. Mety hihinana sakafo tena matsiro ianao amin'ny voalohan'ny volana raha vao misy vola indray ao anaty valopy nefa vary foana tsy misy fangarony any amin'ny faram-paran'ny volana.

Mila mitandrina koa isika tsy haka vola fanampiny avy amin'ny Renivolan'ny ankohonana. Tsy vola fiandry azo alaina foana io. Efa misy fandaminana ho an'izay tavela ao REHETRA. Raha maka vola fanampiny ao amin'ny Renivolan'ny ankohonana isika dia tsy ho ampy iatrehana ny taona manontolo izany. Raha misy zavatra hafa ilantsika vola dia tokony hitady fomba hafa hahazoam-bola hividianantsika azy. Nefa tsy tokony hividy izany mihitsy raha tsy efa azo tanteraka ny vola ampy ho an'izany.

2. Atokany am-pahendrena ny ambim-bava

Raha misy vola mihoatra na ambiny, dia afaka anomanana valopy voamarika ho tahiry na hampitomboina na homena ny ambiny rehetra avy amin'ny valopy fandaniana tsirairay.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ataovy ho hitan'ny rehetra ny Valopy* ***FANAMPIANA MASO*** *misy marika "vola ambiny na mihoatra" (Ohatra: valopy ohatra C) Saraho ny marika. Asao ny vondrona rehetra hameno ny valopiny amin'ny vola ambiny avy amin'ny renivolan'ny ankohonana.*

Tahiry Ar 20.000 isan-taona	Ampitomboina Ar 50.000 isan-taona	Omena Ar 20.000 isan-taona	Ilaina Ar 30.000 isan-taona	Tahiry manokana Ar 5.000 isan-taona

Amin'ity ohatra ity dia tsy ampy atao zara mitovy ny atao ao anaty valopy tsirairay. Ny Tahiry manokana dia natao hividianana Moto hampiasaina amin'ny asa atao ka izany no anasana azy ireo hanao an'io ho laharam-pahamehana mihoatra ny sehatra hafa.

Eto no faran'ny ohatra amin'ny fitantanana ny fandaniana ao an-tokatrano.

Fampiharana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Ahoana ny mikasika ny fandaniana amin'ny vola miditra?

- Nahoana no tsy nidirantsika amin'ny antsipirihany ny mikasika ny fandaniana amin'ny vola miditra eto?

- *Tokony hosarahina miavaka tsara amin'ny fandaniana ao an-tokatrano izany*

Ny fandaniana mahazatra ao an-tokatrano isam-bolana sy ny fandaniana mahalana dia efa voakajy avy amin'ny fanalana ny fandaniana amin'ny vola miditra ka nahazoana ny vola miditra madiodio.

Izay miandraikitra ny fizarana ny vola ho an'ny asa atao na ny fampiasana azy dia mila mahazo antoka fa ny fandaniana amin'ny vola miditra dia efa nalàna mialoha ny hametrahana ny vola rehetra ao amin'ny Renivolan'ny ankohonana.

Azo atao ny mampiasa ny valopy amin'ny hanaovana teti-bola na hitantanana ny fandaniana amin'ny vola miditra izay anao manokana. Nefa tokony sarahina amin'ny fandaniana mahazatra ilain'ny tokatrano izany.

FANONTANIANA APETRAKA AMIN'NY VONDRONA REHETRA

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asao hanao vondrona misy olona 3 avy ny mpandray anjara sady mahatazana hatrany ny ohatra napetaka amin'ny rindrina na solaitra be. Misy fanontaniana fito ireto apetraka amin'izy ireo izay mifototra amin'ny ohatra efa natao.*

Fanontaniana:
1: Valopy inona no ampiasainao hakana vola hividianana sakafo?
2: Valopy inona no ampiasainao hakana vola handoavana saram-pianarana?
3: Amin'ity ohatra ity, valopy inona no hakanao vola hividianana zava-pisotro indray mandeha isam-bolana miaraka amin'ny namanao akaiky?
4: Avy niasa roa andro mihoatra ianao teny antenantenam-bolana, aiza no hasianao ny vola azonao amin'izany?
5: Narary tampoka ny reninao ary mila fanafody mandritra ny roa herinandro, valopy inona no hakanao vola ho an'izany?
6: Ahoana no hamenoanao ny valopy ho an'ny fandaniana isan-taona raha tsikelikely ny fandraisanao vola mandritra ny taona?
7: Hampiasainao amin'inona ny vola ambiny tsy nampiasainao tamin'ity volana ity satria notazoninao tao anatin'ny teti-bolanao isam-bolana ka lasa misy ambiny tsy nampoizina?

Valiny:
1: Fandaniana mahazatra, Valopin'ny Sakafo
2: Fandaniana hafa, Valopin'ny fandaniam-pianarana
3: Fandaniana mahazatra isam-bolana, Valopin'ny ambiny isam-bolana
4: Renivolan'ny ankohonana (Efa niala ny fandaniana amin'ny vola miditra)
5: Arakaraka ny habetsahany, mety ho avy amin'ny
    a) Fandaniana mahazatra isam-bolana, Valopy misy ny ambiny isam-bolana (satria ny teti-bola dia tsy nikajy ny fandaniana tampoka isam-bolana)
    b) Fandaniana hafa, Valopy misy ny fandaniana tsy ampoizina isan-taona.
6: Fenoina aloha ny valopy fasiana ny fandaniana isam-bolana, izay vao fenoina ny valopy fasiana ny fandaniana isan-taona. Rehefa tratra ny famenoana ny fandaniana isan-taona dia azonao atomboka ny fanokanana ny "fandaniana ny ambiny am-pahendrena".
7. Atokanao ao anatin'ny valopin'ny fandaniana hafa izay tsy mbola feno aloha izany. Rehefa vita izany ho an'ny taona dia hiditra amin'ny fandaminana ny fandaniana ny ambiny am-pahedrena ianao arak any teti-bola narafitrao.

FANDINIHANA ATAON'NY VONDRONA MIARAKA

- Afaka faritanao ve ny mahasamihafa an'io fomba io amin'ny fomba efa ampiasainao amin'izao? Inona no mahatonga azy ity ho fanamby ho anao?
- Ahoana no hahatonga ity fomba ity hahamoramora ny fiainan'ny ankohonanao?
- Heverinao ve fa hanampy antsika hanome voninahitra an'Andriamanitra ity fomba fiasa ity?

Hetsika Fanaovana Dingana

Ankehitriny dia afaka mametraka ny fampiasana valopy ho an'ny ankohonanao ianao. Jereo aloha ny teti-bolanao (**TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA** lesona feno momba ny fanaovana teti-bola). Manomana valopy iray ho an'ny fandanianao mahazatra isam-bolana. Avy eo valopy iray hafa ho an'ny fandaniana avy isan-taona. Raha misy mihoatra, dia afaka manomana valopy ny amin'izay fomba hampiasanao ny ambiny ianao.
Raha tianao dia azonao zaraina ny fandanianao mahazatra isam-bolana araka ny ohatra etsy ambany. Farany, hanomana valopy ho an'ny fandaniana ny amin'ny vola miditra koa ianao rehefa fantatrao mazava tsara izany.

Miezaha miaina manaraka ny teti-bola natao ka tsy mandany afa-tsy izay ao anaty valopy. Raha afaka manaraka tsara ny fampiasana valopy ianao isam-bolana, dia afaka hividy ireo zavatra nataonao ao anatin'ny lisitry ny zavatra 'irina.'

Lesona 7: Mampidi-bola ve Isika?

****HO AN'NY MPAMBOLY IHANY**

Hevi-dehibe

- Mila haintsika ny mikajy ny tombony azo
- Afaka mandamina isika ny amin'izay tokony atao raha kely na tsy misy ny tombony azo
- Mila mandray an-tsoratra isika

Fitaovana

- Fanampiana Maso: Sarin'ny toeram-pambolena ahitana vokatra maro (Manaova printy dika 1)
- Torolanana ho an'ny Mpianatra: Fikajiana ny tombony
- Tabilao sy fanoratana

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Nianatra mikasika ny fanaovana teti-bola ho an'ny ankohonana isika ary nianatra nitantana koa ho an'ny fandaniantsika manokana.
Hifantoka amin'ny fandaniana amin'ny asa atao indray isika izao. Mitokana mihitsy ny fanaovana an'ity.

Betsaka ny olona miasa mafy nefa kely na tsy misy mihitsy aza ny tombony azo. Mila maka fotoana mikajy izay mety ho tombony isika mba hisy vokany ny asa mafy izay atao.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Hazony ny sary* ***FANAMPIANA MASO*** *misy ny tany fambolena misy vokatra betsaka, anontanio ny vondrona:*

- Asa ahazoana tombony ve io? Raha eny, nahoana? raha tsia, nahoana?
- Azo faritana amin'ny alalan'ny fahitana ny sary ve fa mampidi-bola io saha io?
- Inona no tokony ho fantatra hahafahantsika milaza fa ahazoana tombony io vokatra amin'ny saha io?

Ny fisian'ny vokatra betsaka eo amin'ny saha dia tsy midika fa hahazoana tombony ny vokatra. Ny fahitana ny vola raisina avy mivarotra ny vokatra koa dia tsy afaka hamaritana na nahazo tombony na tsia.

Misy kajy tsotsotra tokony atao ary mandray an-tsoratra ny miditra sy mivoaka no hahafahana mahalala na mampidi-bola na tsia ny vokatra azo. Zavatra fototra roa no tokony fantantsika raha te hahafantatra na mampidi-bola na tsia ny fambolena atao.

1. Ohatrinona ny vidy nivarotana ny vokatra rehetra.
2. Ohatrinona ny lany nanomboka tamin'ny fikarakarana ny tany, famafazana, fihavana sy fikarakarana ary fijinjana ny vokatra.

Ny fikajiana ny elanelan'ireo zavatra roa ireo no hahafahantsika milaza fa nahazoana tombony na tsia ny voly natao.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Zarao ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA*** *misy ny fikajiana ny tombony (pejy faha4). Ho an'ny lesona ambiny, vakio ary ianaro ireo voasoratra eo ambany. Soraty eo amin'ny tabilao ny ohatra voalohany ary vitao miadana hatramin'ny farany.*

Ohatra 1: Asa Fambolena Legioma Ataon'i Anna

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Hojerentsika ny asa fambolena legioma ataon'I Anna mba hahafahantsika mahazo mazava tsara izay tiana ambara.

Manana traik'efa betsaka amin'ny fambolena legioma I Anna satria niasa teny an-tanimbolin'ny ankohonany mandritra ny taona maro izy. Vao nanomboka nanao ny asany manokana izy. Taorian'ny nanangonany vokatra voalohany dia nentiny namidy teny an-tsena izany ka nahazoany Ar 25.000. Faly dia faly izy satria vola be izany azony izany.

- Nahomby ve ny fambolena nataon'I Anna araka ny hevitrao?
    - *Raha tsy fantar'I Anna na nahazo tombony izy na tsia dia tsy ho fantany mihitsy na mahomby na tsy mahomby ny asa ataony ka mety na tsia ny hanohizany izany.*

Hojerentsika izay voatana an-tsoratra mikasika izany hahafahana mahita na nahomby na tsia ny voly natao.

Fandaniana – Lisitry ny zavatra ilaina	**Vidiny**
- Masomboly	6.000
- Zezika	5.000
- Fitaovana	4.000
- Hofan-tsena	2.000
- Harona sy ravina	3.000
- saram-pitaterana	1.000
Fitambarany	**Ar 21.000**
Vola miditra – Tombany	**Habetsahany**
Fitambarany	**Ar 25.000**

FITAMBARAN'NY VOLA MIDITRA	**- FITAMBARAN'NY FANDANIANA**	**= TOMBONY**
Ar 25.000	**- Ar 21.000**	**= Ar 4.000**

Araka ny hita dia nahazo tombony I Anna saingy Ar 4.000 ihany izany.

FOTOANA

- Eo ankilan'ny fijerena na nahazo tombony na tsia, inona koa ny zavatra hafa tokony hojereny hahitany na ho faly na tsia amin'ny varotra izay nataony izy.
    - *Ny habetsahan'ny fotoana laniny amin'ny fanaovana ny asany. (Samy manoratra ny valiny amin'ny taratasy eny aminy ny mpandray anjara)*

Indraindray ny asa ahazoana tombony kely dia azo heverina fa mahomby raha kely ny fotoana lany nahazoana izany vola tombony izany. Na izany aza raha betsaka ny fotoana sy ny hery lany iasana nefa kely ny tombony azo dia tokony iverenana dinihina ny fanaovana io karazana asa io.

Ny fe-potoana nambolen'i Anna voalohany dia efa-bolana. Noraisin'I Anna an-tsoratra ny faharetan'ny ora iasany isan'andro. Rehefa nanomboka ny asany i Anna, dia nihevitra fa tsy tokony handany fotoana maharitra ao an-jaridaina isan'andro. Maina kokoa anefa ny ririnina amin'ity taona ity ka mila miasa bebe kokoa i Anna manondraka ny tanim-boliny. Ny fambolena sy ny famokarana

koa dia naka fotoana bebe kokoa tsy araka ny neritreretiny ka lasa nangataka ny zanany hanampy azy izy.

Fe-potoana fambolena (isan'ny volana):	4
Ora isam-bolana:	12.5
Fitambarany (Ora/volana x isan'ny volana)	50
Tombony / isan'ny ora	0.08

I Anna dia mihevitra fa ny tombatomban'ny fitambaran'ny ora laniny nandritra ny fambolena hatramin'ny fotoana lany nankeny an-tsena nivarotana ny vokatra dia mahatratra 12 ora sy sasany isam-bolana. 50 ora izany ny fitambarany raha ho an'ny fe-potoana fambolena iray. Raha zaraina 50 ora ny Ar 4.000 dia Ar 80 isan'ora ny vidiny. Eto dia efa hita mazava fa tena kely raha Ar 4.000 fotsiny ny tombony azony ho an'ny asa rehetra nataony.

Mila mitady fomba hafa hahafahany mahazo tombony bebe kokoa I Anna amin'ny fe-potoana fambolena manaraka. Miezaka manakely ny vola mivoaka izy. Azo eritreretina angamba ny fampiasana zezika organika hanampy azy hahavokatra bebe kokoa na mitady hevitra hahafahany mahazo ny masomboly avy amin'ny vokatra ataony ihany. Raha tsy afaka mampihena ny fandaniana ataony Anna dia tsara raha mihevitra hanao asa fitadiavam-bola hafa mihitsy.

Mampalahelo anefa fa sahala amin'ny asa ataon'I Anna ny asa ataon'ny ankamaroan'ny olona. Miasa mafy nefa tsy mahafantatra akory fa kely dia kely ny tombony.

Ohatra 2: Ny Fiompiana Kisoa ataon'i Paoly

FIFANAKALOZANA ATAON'NY REHETRA

Afaka mampiasa ny tabilao tahaka ny nampiasain'I Anna isika hahafahantsika mahalala raha mahazo tombony na tsia. Mialoha ny hijerentsika ny asantsika manokana dia ndao hijery karazana asa roa hafa.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Jereo ny tabilao tsy feno amin'ny fiompiana kisoa ataon'I Paoly ao amin'ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****. Resaho ny dingana tsirairay. Ataovy azo antoka fa azon'izy ireo tsara ny fitambarana amin'ny vola miditra sy ny fandaniana.*

Miompy kisoa I Paoly. Efa niompy kisoa nandritra ny taona maro izy fa tiany ho azo antoka raha mampidi-bola marina ny asa ataony. Tato anatin'ny enim-bolana farany dia noraisiny an-tsoratra daholo ny fandaniana mikasika ny fiompiany. Nivarotra kisoa izy androany ary hanao kajy mba hahafantarany raha nahazo tombony na tsia.

Fenoy ny tabilaon'I Paoly amin'ity taratasy ity.

- Nahazo tombony ve I Paoly?

Dingana 1. Asa atao	Kisoan'i Paoly
Dingana 2. Faharetany	100 Andro
Dingana 3. Fandaniana – Zavatra ilaina	**Vidiny**
Zana-kisoa2	Ar 40.000
Sakafo ho an'ny zana-kisoa 2	Ar 50.000
Vakisiny	Ar 2.000
Fitambaran'ny fandaniana	**Ar 92.000**
Dingana 4. Vola miditra - Tombana	**Vidiny**
Fitambaran'ny vola miditra	**Ar 280.000**

Fanamarihana: Fikajiana vola miditra: [vidy isan-kilao] x [lanjan'ny kisoa] x 2 [isan'ny kisoa] (1.75 X 80 x 2 = 280)

Vola miditra	- Fandaniana	= Tombony
Ar 280.000	Ar 92.000	Ar 188.000

Fotoana	
Fe-potoana famokarana (isan'ny andro)	100
Tombony / isan'ny andro (188 / 100)	1.88

Ohatra 3: Varotra Akanjo an'i Jaona

TSIROAROA

Tahaka an'I Paoly, tian'I Jaona ho fantatra na mampidi-bola na tsia ny varotra akanjo ataony. Nandray an-tsoratra ihany koa izy saingy toa mikorontana ny sainy satria tsy fantany izay tena tokony sy tsy tokony hosoratana.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asaivo mandeha tsiroaroa ny mpandray anjara. Samy mandinika sy miasa mikasika ny ohatra faha 3 ao amin'ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****.*

Araho ireto dingana ireto hikajiana ny tombony azon'I Jaona:
Dingana 1: Mariho eo amin'ny sisiny izay zavatra tsy misy ifandraisana amin'ny varotra akanjo ataon'I Jaona.
Dingana 2: Tetezo ny lisitra ary fantaro izay vola miditra avy amin'ny varotra amin'ny varotra lamba ary ataovy ao amin'ny tabilao misy ny vola miditra.
Dingana 3: Ivereno indray ny lisitra ka fantaro izay fandaniana mikasika ny varotra ka ataovy ao amin'ny tabilao misy ny fandaniana.
Dingana 4: Tahaka ny natao ho an'I Paoly, ampiasao ny fandaniana sy ny tombony hahitana raha nahazo tombony Jaona na tsia.

Fitanana an-tsoratra nataon'I Jaona

Lamba novidina hamidy	Ar 500.000		
~~Saram-pianarana~~	~~Ar 300.000~~	Vidin-damba	Ar 600.000
~~Kitapo~~	~~Ar 40.000~~	~~Sakafon'ankohonana~~	~~Ar 50.000~~
Hofan-tsena	Ar 100.000	Vidin-damba	Ar 500.000
Vidin-damba	Ar 400.000	~~Nividy fanomezana~~	~~Ar 300.000~~

Dingana 1. Anaran'ny varotra atao	Varotra Lamba
Dingana 2. Faharetan'ny fe-potoana	Enim-bolana
Dingana 3. Fandaniana – Zavatra ilaina	**Vidiny**
Mividy lamba hamidy	Ar 500.000
Hofan-tsena	Ar 100.000
Fitambarany	**Ar 600.000**
Dingana 4. Vola miditra – Tombana	**Vidiny**
Varotra lamba	Ar 400.000
Varotra lamba	Ar 600.000
Varotra lamba	Ar 500.000
Fitambarany	**Ar 1.500.000**

Vola miditra	**- Fandaniana**	**= Tombony**
Ar 1.500.000	Ar 600.000	Ar 900.000

Fotoana

Fe-potoana hiasana (volana)	6
Tombony / isan'ny volana (900 / 6 = 150)	150
Tombony/ isan'ny volana / 30 andro (150 / 30 = 5)	5

Fomba fikajiana ny vidin'entana

FANAZARANA ATAON'NY TSIRAIRAY

Mila maka fotoana isika hakana antoka fa tsy ho sahala amin'ny an'I Anna ny asa ataontsika fa mba ho sahala amin'ny an'I Paoly. Jereo ilay taratasy misy tabilao tsy feno amin'ny boky eny aminareo.

Dingana 1: Manapaha hevitra aloha ny amin'ny karazan'asa hataonao hikajiana ny tombony. Iray ihany fa tsy karazany maro ho an'ny tabilao iray.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ataovy azo antoka fa iray ihany ny karazan'asa nofidin'ny tsirairay.*

Dingana 2: Farito ny faharetan'ny fe-potoana hiasana. Ohatra, 4 volana ho an'I Anna satria izay no elanelan'ny fotoana nanombohany hatramin'ny nivarotany ny vokatra. Ho an'I Paoly dia 6 volana satria izay no fotoana lany hiompiana zana-kisoa mandra-pahafahana mivarotra azy. Raha mamboly katsaka na vary ianao dia fantaro ny fotoana mety ho lany hatramin'ny fanombohan'ny fambolena mandra-pivarotrao ny vokatra ho azo. Raha varotra lamba na lasopy no ataonao dia azo atao herinandro na iray volana izany.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Avelao hanao ny dingana 1 sy 2 ao amin'ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA*** *ny mpandray anjara mialoha ny hifindrana amin'ny dingana faha 3 sy 4.*

TOSA-KEVITRA ATAON'NY REHETRA

Dingana 3: Ataovy ny fikajiana ny fandaniana amin'ny asa. Mialoha ny handinihantsika an'io dia tsara raha mieritreritra ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny asa aloha. Tsy mora ny mamantatra izay rehetra ilaina ary mora adino ny sasany. Hanampiana antsika amin'izany dia hovakiko aminareo ity ohatra ity:

I Lily dia manao asa fiompiana akoho. Rehetra nieritreritra akaiky ny fikarakarana akoho anatin'ny tontolo andro iray izy dia afaka nahazo ny lisitr'ireo izay mety ilaina ao anatin'ny tranon'akoho. Betsaka ny fanontaniana apetrany amin'ny tenany anatin'ny iray andro. Ohatra, Maraina izao ny andro ary mankany amin'ny tranon'akoho I Lily. Aiza ny toera misy an'io? Akaiky ny tranony ve? Raha lavitra, ahoana no hahatongavany any? Mila hofainy ve ny trano? Manaraka izany, eritreretiny koa rehefa eo an-toerana izy, inona no voalohany ataony? Mamahana ny akoho. Inona avy no ampiasainy amin'izany? Aiza no hahazoany sakafon'akoho? Ohatrinona ny vidin'izany? Inona avy koa no ilain'ny akoho hahasalama tsara azy ireo? Mila manakarama olona ve izy hanampy azy amin'ny asany? Aorian'io fanazarana io, dia mahazo lisitra ny amin'ny zavatra ilaina amin'ny asa ataony I Lily.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato eo amin'ny solaitra be ireo zavatra rehetra mety ilaina amin'ny karazan'asa atao.*

Misy mahasamihafa azy ny asa tsirairay fa samy mieritreritra tsara ny amin'izay ilainy amin'ny asany.

FANAZARANA ATAON'NY TSIRAIRAY
Manaova lisitra feno ny amin'izay azonao eritreretina fa ilainao amin'ny asa ataonao. Miaraha mandinika amin'izay mitovy safidy aminao ny amin'izay mety ho vidin'izany.

Ankehitriny dia mila tombanantsika ny vidin'ireo. Jereo hatramin'ny voalohany ny lisitra ary apetaho mifanitsy amin'izay voatanisa ny mety ho vidiny. Raha tsy fantatrao mazava dia tombany izany.

Ho hitanao avy eo fa misy zavatra izay ilainao foana isaky ny mamokatra zavatra iray nefa ny hafa dia vidina eny am-boalohany ihany. Heverina ho efa voaloa ny fitaovana sy ny tany hanaovana ny asa ka tsy ampidirina ao anatin'ny fandaniana izany.

Ny dingana manaraka dia ny manampy ny fitambaran'ny vidin'ny fandaniana. Soraty eo amin'ny taratasy izany fitambarany izany.

Fikajiana ny Tombony

Dingana 4: ao amin'ny **TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA**, ohatrinona ny fitambaran'ny vola miditra aorian'ny kajy atao. Amin'ny karazan'asa maro dia tsy sarotra akory izany satria atao in-dray mandeha ny fivarotana. Ohatra, aorian'ny fijinjana vary, dia fantatra ny vola azo. Ezaho tombanana ny vola azo aorian'ny fivarotana ny vokatra; Soraty ao amin'ny tabilao ny fitambarany. Tadidio fa varotra mandritra ny fe-potoana voafetra araka ny napetraka teny am-boalohany no ataontsika.

Raha tsy mbola amidy ny vokatra vary ohatra ka tahirizina ny sasany ohanina dia ezaho tombanana ny vidin'izany vary tsy tahirizina izany. Ohatra: raha 500 kg ny vokatra rehetra tsy ampiasain'ny ankohonana fa hamidy. Raha mividy vary 500 kg izany ny ankohonana amin'ny vidiny 50 isan-kilao, dia izay no hikajiana ny vola miditra. Tsy maintsy ampidirina ny fikajiana ny vidy misy tombony satria raha tsy misy tombony dia aleo mividy vary toy izay hamboly.

Dingana 5: Amin'izao dia efa afaka mahazo sary an-tsaina isika na mahazo tombony na tsia. Ampiasao ny fitambarany hahafahana mikajy ny tombony.

- Nahazo tombony ve ny asanao?

NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FANDRAISANA AN-TSORATRA

Amin'ny fotoana manaraka rehefa manomboka mamboly na mividy biby fiompy vaovao dia raiso an-tsoratra ny vola miditra sy mivoaka rehetra hahalalana na misy tombony na tsia ny asa atao. Ny tombatombana ataontsika dia mety ho diso tanteraka ka izay ny maha zava-dehibe ny fandraisana an-tsoratra ny zavatra rehetra araka izay azo atao. Raha sahirana mamantatra na tokony hosoratana na tsia dia soraty daholo ihany avy eo afaka miangavy olona hafa hanampy amin'ny fanaovana ny kajy.

Hetsika Fanaovana Dingana

Raha manana karazan'asa maromaro ianao dia tsara ny hamerimberenana ity fanazarana ity ho an'ny karazan'asa tsirairay izay ataonao.

Miangavia olona iray avy amin'ny ankohonana na namana hijery ny tombana nataonao na hijery fomba tsara hafa kokoa hanatsarana na hampitomboana ny tombony ho azo.

Lesona 8: Ny Sanda Efaina amin'ny Fanaovana Trosa sy ny Fiantraikany

Hevi-dehibe

- Betsaka ny sanda efaina noho ny trosa, tsy eo amin'ny lafiny ara-bola ihany
- Mila manao kajy ny zana-bola ateraky ny trosa aho
- Mila azoko tsara ny karazana findramana ataoko
- Afaka hahazoana tombony ny fanaovana trosa; fa mila ataoko azo antoka fa afaka hamerina izany aho amin'ny alalan'ny asa izay ataoko na ny vola miditra amiko.

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra Safidy A NA B *(Ataovy printy ny ohatra tsara mifanaraka amin'ny toe-java-misy any aminareo; dika 1 isaky ny vondrona)*
    - Ny Safidy A dia ho an'ny mpamboly: ao anatin'izany izay mivaro-bokatra mialoha; tsy ao anatin'izany ny fikajiana ny zana-bola mifangaro
    - Ny Safidy B dia ho an'ny olona mipetraka an-drenivohitra: tafiditra ao ny zana-bola rehetra ary tsy ao anatiny ny varo-bokatra atao mialoha.
- Mila taratasy sy penina ny olona tsirairay.
- Masinina fikajiana na finday
- Solaitra be na takelan-taratasy lehibe sy penina hanoratana ireo ohatra.

FANAMARIHANA: NY TAPANY HO AN'NY OLONA ETY AN-DRENIVOHITRA SY NY AMBANIVOHITRA IHANY NO ASEHO

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Nahoana no manana trosa ny olona?
- Inona avy matetika no vidin'olona hanaovany Trosa?
- Inona ny tombony azo avy amin'ny trosa?
- Inona no olana amin'ny fanaovana trosa?
    - *Lasa manana vola aloa betsaka amin'olona hafa isika.*
    - *Mety ho lasa enta-mavesatra ny trosa ka mahatonga antsika tsy hanana ny ampy amin'ny ho avy.*
    - *Ny trosa dia mamporisika ny olona handany mihoatra ny ananany.*
    - *Matetika dia tsy azontsika an-tsaina ny hikajy ny zana-bola aterany.*
- Misy olona fantatrao ve nahay nampiasa tsara ny trosa nalainy?
- Mahafantatra olona nijaly noho ny trosa nataony ve ianao?

Betsaka ny sanda efaina vokatry ny trosa – asa saina, fanahiana, fikorontanan'ny tokantrano, tsy fahitan-tory amin'ny alina, sns. Amin'ity lesona ity dia hifantoka ihany amin'ny fiantraikany ara-bola isika. Na izany aza dia tsy azo atao ny tsy mihevitra ny fiantraikany hafa.

Fikajiana ny Zana-bola

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Soraty ho hitan'ny rehetra ny ohatra efa voakajy.*

Hanombohana azy dia tokony mahay mikajy ny zana-bola isika, tsy inona izany fa ny vola aloa mihoatra ho saran'ny vola izay nindramina.

Raha mampiasa penina sy taratasy:
Raiso ny vola nindramina, ohatra, Ar 100.000. Alao ny aotra roa farany. Ohatra: 100.0~~00.~~ = 1.000 ary ampitomboy amin'ny tahan'ny zana-bola, ohatra, 6%. Ar 1.000 x 6 = Ar 6.000 no zana-bola.

100.0~~00.~~ = 1.000 1.000 x 6 = 6.000 no zana-bola.

Raha mampiasa masinina fikajiana na finday:
Sorato ny vola nindramina. Zarao zato. Ampitomboy ny tahan'ny zana-bola.
Ohatra, 100.000 / 100 = 1.000 x 6 = 6.000

100.000 / 100 = 1.000 1.000 x 6 = 6.000 no zana-bola

Amin'ity ohatra ity dia Ar 6.000 no vola aloantsika mihoatra; io no sanda aloantsika amin'ny findramana ilay vola.

TSIRAIRAY NA TSIROAROA
Manaova fanazarana amin'ireto ohatra ireto amin'ny taratasy mitokana ary:

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato ny tahan'ny zana-bola sy ny renivola nindramina hikajiana ny zana-bola. Rehefa vitan'ny rehetra ny fikajiana dia ampio eo ny valiny.*

8% amin'ny 500.000 =	40.000
4% amin'ny 70.000 =	28.000
12% amin'ny 1.000.000 =	120.000
10% amin'ny 200.000 =	20.000
6% amin'ny 400.000 =	24.000

Ny findramam-bola rehetra dia manana fe-potoana. Fanampin'ny fikajiana ny zana-bola fototra amin'ny renivola indramina dia tokony heverina ny karazana findramana atao ary mandritra ny hafiriana ny faharetan'izany.

Findramam-bola Karazany Roa

OHATRA HO AN'NY VONDRONA REHETRA
Misy karazana findramam-bola roa araka ny mahazatra.
Karazana 1: Mandoa zana-bola amin'ny renivola nindramina isam-bolana ihany. Antsoina hoe zana-bola tsotra izany. Io karazana io no nanaovantsika fanazarana teo.
Karazana 2: Mandoa zana-bola amin'ny renivola nindramina isam-bolana sy izay zana-bola lasa manampy ny renivola isam-bolana. Io no antsoina hoe zana-bola mitombo.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asehoy ho hitan'ny rehetra ny ohatra etsy ambany, ampitahao ary asehoy ny mahasamihafa ny findramam-bola karazany roa.*

Ohatra: 10% tahan'ny zana-bola isam-bolana amin'ny Ar 300.000 mandritra ny 4 volana:

Karazany 1: Zana-bola aloa isam-bolana ihany amin'ny renivola nindramina (Zana-bola Tsotra)

Raha zana-bola amin'ny renivola ihany dia

- 10% amin'ny Ar 300.000 = Ar 30.000 no zana-bola
- Ar 30.000 x 4 volana = Ar 120.000 ny fitambaran'ny zana-bola
- **Ny fitambaran'ny vola averina dia Ar 120.000 + Ar 300.000 (renivola nindramina) = Ar 420.000**

Zana-bola Tsotra (10%)
10% amin'ny Ar 300.000 = Ar 30.000
Ar 30.000 x 4 = Ar 120.000 zana-bola rehetra
Ar 300.000 + Ar 120.000 = Ar 420.000 ny fitambaran'ny vola haloa

Karazany 2: Zana-bola amin'ny renivola aloa isam-bolana (Zana-bola Mitombo)

- 10% amin'ny Ar 300.000
- Zana-bola volana 1 = Ar 30.000
- Fitambarany volana 1 = Ar 330.000
  (Ar 30.000 zana-bola + Ar 300.000 vola nindramina)
- Zana-bola volana 2 = Ar 33.000
- Fitambarany volana 2 = Ar 363.000
  (Ar 33.000 zana-bola + Ar 330.000 Fitambarany volana 1)
- Zana-bola volana 3 = Ar 36.300
- Fitambarany volana 3 = Ar 399.300
  (Ar 36.300 zana-bola + Ar 363.000 Fitambarany volana 2)
- Zana-bola volana = Ar 39.930
- **Fitambarany faran'ny volana 4 = Ar 439.230**
  (Ar 39.930 zana-bola + Ar 399.300 Fitambarany volana 3)

Zana-bola Mitombo (10%)

Fanombohana	Ar 300.000
Zana-bola	Ar 30.000
Faran'ny volana 1	Ar 330.000
Zana-bola	Ar 33.000
Faran'ny volana 2	Ar 363.000
Zana-bola	Ar 36.300
Faran'ny volana 3	Ar 399.300
Zana-bola	Ar 39.930
Faran'ny volana 4	Ar 439.230

Ampitahao ny fitambarany farany amin'ny zana-bola tsotra sy mitombo
Amin'ny ohatra voalohany, ny fitambaran'ny tokony averina dia Ar 420.000. Amin'ny faharoa kosa Ar 439.230

Araka ny hitantsika dia betsaka kokoa ny sarany averina amin'ny zana-bola mitombo. Eritrereto anie raha mandritra ny 1 taona ny faharetan'ny findramana fa tsy efa-bolana araka ny napetraka.

- Zana-bola tsora 1 taona = Ar 660.000
- Zana-bola mitombo 1 taona = Ar 942.000 be izao

Araka izay azo atao indrindra dia aza mifidy findramam-bola misy zana-bola mitombo nefa raha tsy maintsy dia miangavia olona hafa hanampy amin'ny fikajiana ny zana-bola rehetra mialoha ny handraisana fanapahan-kevitra.

Zana-bola Tsotra

TSIRAIRAY NA TSIROAROA

Manaova fampiharana amin'ny fikajiana ny zana-bolan'ireto ohatra manaraka ireto:

Torolalana ho an'ny Mpandrindra: *Sorato ny ohatra. Rehefa vitan'ny mpandray anjara rehetra ny fikajiana ny valiny dia ampio eo amin'ny tabilao na taratasy ny valiny.*

- Ohatrinona ny fitambaran'ny zana-bola amin'ireto ohatra manaraka ireto?

7% amin'ny Ar 3.000,000 mandritra ny 3 volana	= Ar 210.000 x 3	= Ar 630.000
6% amin'ny Ar 2.000.000 mandritra ny 10 volana	= Ar 120.000 x 10	= Ar 1.200.000
12% amin'ny Ar 5.000.000 mandritra ny 2 volana	= Ar 600.000 x 2	= Ar 1.200.000
10% amin'ny Ar 2.500.000 mandritra ny 8 volana	= Ar 250.000 x 8	= Ar 2.000.000
8% amin'ny Ar 4.000.000 mandritra ny 6 volana	= Ar 320.000 x 6	= Ar 1.920.000

Zana-bola Mitombo – HO AN'NY OLONA AN-DRENIVOHITRA IHANY

FIFANAKALOZANA ATAON'NY REHETRA

Ny zana-bola mitombo dia zana-bola aloa ho an'ny renivola sy isaky ny zana-bola aterany isam-bolana.

Nokajiantsika teo ny zana-bola azo, ampio amin'ny renivola nindramina izany mba hahazoana fitambarany lasa renivola vaovao ary tohizo sahala amin'izay isam-bolana.
Ndeha iverenana jerena ny ohatra.

Mampiasa masinina fikajiana hikajiana ny zana-bola

Afaka mampiasa ireto marika manaraka ireto koa isika raha hikajy ny zana-bola mitombo.

4% = ??
5% = 1.05
6% = 1.06
7% = 1.07
8% = 1.08
9% = 1.09
10% = 1.10
11% = 1.11
12% =1.12
13% = ??

Torolalana ho an'ny Mpandrindra: *Sorato ny isa ao anaty faritra eo amin'ny solaitra be ary ampio izy ireo hahita ny firindran'ny kajy. Anontanio azy, firy no tokony hosoratana eo amin'ny 13% ary ny 4%.*

Hikajiana azy, raisina ny renivola ary ampitomboina amin'ny isa mifanaraka amin'ny tahan-jana-bola ilaina.
Avy eo ampitomboy an'io isa io isam-bolana arakaraka ny faharetan'ny fifanarahana ny renivola vaovao.
Manome ny fitambaran'ny vola tokony averina izany.
Esory avy eo ny renivola voalohany ahitana ny fitambaran'ny zana-bola tokony aloa.

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ataovy eo amin'ny solaitra be ny ohatra*

Ohatra, raha te hikajy ny zana-bola mitombo amin'ny renivola indramina Ar 200.000.000 tahany 8% mandritra ny 3 volana ianao dia toy izao no atao:

- Ar 200.000.000 x 1.08 x 1.08 x 1.08 = Ar 251.942.000 (Fitambaran'ny vola tokony averina)
- Ar 251.942.000 – Ar 200.000.000 = Ar 51.942.000 (zana-bola)

FAMPIHARANA ATAON'NY VONDRONA MADINIKA

Kajio ankehitriny ny zana-bola mitombo amin'ny renivola mitovy amin'ny teo aloha.

- Ohatrinona avy ny fitambaran'ny zana-bola amin'ny karazany findramana roa?

Valiny ho an'ny zana-bola mitombo

7% amin'ny Ar 3.000.000 mandritra ny 3 volana =	[Tokony averina] Ar 3.675.000 – [renivola] Ar 3.000.000 = Ar 675.000
6% amin'ny Ar 2.000.000 mandritra ny 10 volana =	Ar 3.582.000 – Ar 2.000.000 = Ar 1.582.000
12% amin'ny Ar 5.000.000 mandritra ny 2 volana =	Ar 6.272.000 – Ar 5.000.000 = Ar 1.272.000
10% amin'ny Ar 2.500.000 mandritra ny 8 volana =	Ar 4.872.000 – Ar 2.500.000 = Ar 2.372.000
8% amin'ny Ar 4.000.000 mandritra ny 6 volana =	Ar 6.347.000 – Ar 4.000.000 = Ar 2.347.000

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Tsy dia zava-dehibe loatra ny tsy maintsy ahitany eo no ho eo ny valiny marina fa ny ianarany sy ahitany fa ny mindram-bola miaraka amin'ny fikajiana zana-bola mitombo dia miha lafo be isam-bolana.*

- Manao ahoana ny fahasamihafan'ny valin'ny zana-bola tsotra? Inona no hafa kokoa?
    - Avo kokoa
    - Ny vola indramina mandritra ny fotoana maharitra dia hafa kokoa

Raha tsy maintsy mindram-bola miaraka amin'ny zana-bola mitombo dia ataovy izay hahafohy ny fotoana indramana azy ary aleo efaina haingana indrindra araka izay azo atao.

Findramam-bola ho an'ny "varotra mialoha" – HO AN'NY MPAMBOLY IHANY

FIFANAKALOZANA ATAON'NY REHETRA

Maro amin'ny vola indramina no tsy raisina lelavola fa varotra mialoha no atao. Mba hahafahana mikajy ny sandan'izany trosa izany dia tombanana avy amin'ny vidin'ny vokatra amin'ny fotoana diavina. Azonao antoka fa hahazo tombony be ny olona mividy ny vokatra. Ny vidiny omen'izy ireo dia latsaka kokoa noho izay eritreretiny ho vidiny eo amin'ny tsena.

Ohatra: Mivarotra mialoha voan-kafe 1,000 kg amin'ny Ar 15.000 ny kilao nefa rehefa aorian'ny fotoam-pijinjana dia Ar 20.000 ny kilao.

Sandan'ny trosa

- Vola voaray mialoha = Ar 15.000 x 1,000kg = Ar 15.000.000
- Ny vola mety ho azonao aorian'ny fijinjana =Ar 20.000 x 1,000kg = Ar 20.000.000
- Sandan'ny trosa = Ar 500.000

Ndao mbola hanao fanazarana iarahana ao anaty vondrona: Mivarotra mialoha voan-kafe 2.000 kg amin'ny Ar 14.000 raha tokony ho Ar 20.000 aorian'ny fijinjana.

Sandan'ny trosa

- Vola voaray mialoha = Ar 14.000 x 2,000kg = Ar 28.000.000
- Vola tokony ho raisina aorian'ny fijinjana = Ar 20.000 x 2,000kg= Ar 40.000.000
- Sandan'ny trosa = Ar 1.200.000

Raha tsy maintsy mivarotra vokatra mialoha ianao dia ataovy azo antoka mba ho ambony indrindra araka izay azo atao izany ary miezaha ny tsy hanao izany intsony amin'ny manaraka.

Mampitaha ny Karazana Sanda Amin'ny Trosa

Misy karazana trosa izay azo idirana. Amin'ity fampiharana farany ity dia hijery karazany azo isafidianana isika.

FANAZARANA ATAON'NY VONDRONA MADINIKA

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Manaova vondrona ahitana olona 3 na 4; ataovy azo antoka fa misy olona iray mahay manao kajy tsara ao anatin'ny vondrona tsirairay. Omeo ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA****: misy ny Safidy na Safidy B.*

Raha tokony hindram-bola ianao. Diniho ao anaty vondrona ny safidy tsara kokoa atao.

Mila mividy zezika sy vary ianao amin'ny vola Ar 500.000. Azonao isafidianana ireto fomba roa ireto:

- Mivaro-bokatra mialoha. Amidinao Ar 15.000 isan-kilao ny vokatrao 1200 kg raha tokony ho Ar 20.000 isan-kilao izany aorian'ny taom-pijinjana.
  Tombony mety ho azo = 1200kg x Ar 20.000 = Ar 24.000.000
  Vola voaray = 1200kg x Ar 15.000 = Ar 18.000.000
  Sandan'ny trosa = Ar 24.000.000 – Ar 18.000.000 **= Ar 600.000**
- Mindrana Ar 500.000 ary mandoa zana-bola mitombo 10% mandritra ny dimy volana.
  Renivola Ar 500.000 x 1.1 x 1.1 x 1.1 x 1.1 x1.1 = Ar 805.255
  Sandan'ny trosa = Tokony aloa – renivola = Ar 805.255 – Ar 500.000 **= Ar 305.255**
- Mindrana vola Ar 500.000 mandritra ny dimy volana, zana-bola tsotra 12%.
  Sandan'ny trosa = Ar 500.000 x 12% x 5 **= Ar 300.000**
- Mindrana Ar 500.000 ary manaiky handoa Ar 800.000 afaka dimy volana in 5 months
  Sandan'ny trosa = Ar 800.000 – Ar 500.000 **= Ar 300.000**

JERY TODIKA

- Ny safidy manao ahoana no noraisin'ny vondrona misy anao fa tsara indrindra? Mifanakaloza hevitra.
- Ahoana no hampiasan'ny ankohonanao na ankohonana hafa anaty fiaraha-monina an'izany?
- Misy karazana findramana vola hafa azo idirana ankoatra ireo ve eo amin'ny toerana misy anareo?

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Asaivo manome ohatra mikasika ny fifanarahana findramam-bola sy ny fandoavana ny zanany ny rehetra. Miaraha mikajy ny sandan'ny trosa ho an'izany findramana izany amin'izy ireo.*

Oviana no tokony hitrosa isika?

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Tsy dia mazava loatra ao anaty Baiboly ny fotoana tokony na tsy tokony hanaovana trosa. Na izany aza dia misy toro hevitra maro manampy antsika hieritreritra na misy fahendrena na tsia ny fanaovana trosa.

Vakio ireto an-dalana manaraka ireto. Raha mifototra amin'ireo an-dalana ireo, soso-kevitra manao ahoana no omenao ny hafa mikasika ny fandaniana vola?

- Lioka 12:15
- Mpitoriteny 4:7-8
- Ohabolana 21:17
- Jakoba 4:3
- Romana 13:8
- Ohabolana 22:7

Ny Baiboly dia mampitandrina antsika mazava tsara mba tsy hikatsahantsika ireo filana betsaka. Ampatsiahiviny isika fa ny fiainana dia tsy miankina amin'izay ananana. Tsara kokoa ny miaina fiainana tsotra toy izay hanan-javatra maro nefa tototry ny trosa. Mila arovantsika koa ny fontsika amin'ny fitsiriritana sy ny fitiavam-be be loatra.

- Oviana no tsy tokony hanao trosa mihitsy?
    - *Tsy tokony hatao mihitsy ny trosa raha hividianana zavatra ho an'ny filàna fotsiny na mba hahatsaratsara fiainana toy ny moto, tele, na finday lafo vidy. Raha mitrosa mba hahazoana ireo zavatra ireo isika dia manao zavatra mifanohitra amin'ny tokony ho izy. Maniry ny hanan-javatra isika nefa tsy miasa aloha hahazoana izany. Fitiavam-be izany. Ny moto vaovao sy trano vaovao dia tsy misy maharatsy azy fa tokony miasa mafy isika mandra-pahazoantsika vola ampy hividianana na hanamboarana azy toy izay hitrosa. Raha mitrosa isika dia tokony handoa zanany ary mametraka ny tenantsika ho eo ambany fifehezan'ny tompon'ny trosa. Ny Baiboly dia mamporisika antsika mba tsy hananan'iza na iza na inona na inona. (Romana 13:8, Ohabolana 22:7).*

- Ahoana no hahatonga ny trosa hitondra tombony?
    - *Raha mamela antsika hampiasa vola mba hahazoantsika tombony.*

Mila mampiasa ny trosa am-pahendrena isika satria tena afaka ny hanampy antsika tokoa izany. Mila mitandrina hatrany anefa mba:

1. Afaka mandoa ny trosa nalaina na dia tsy nandeha araka ny nantenaina aza ny asa natao.
2. Tsy mindrana amin'ny toerana manome tahan'ny zana-bola ambony be, raha tsy izany dia ho lasan'ny mpampindrana ny tombony rehetra mety ho azo.
3. Hijery mialoha ny fomba tokony hamerenana ny vola (tsy ny zanany ihany) mialoha ny hanapahana hevitra raha mety hahazoana tombony na tsia ny asa nakana ilay trosa.

Amin'ny toerana maro dia vitsy ny fahafahana mahazo tahan-jana-bola ara-drariny noho izany dia mila mitandrina tsara mijery ny lafiny rehetra alohan'ny hifidy hanao asa miainga amin'ny vola indramina.

Mila manao fandaminana ara-bola mialoha hatrany hahafahana Mahita raha ho tratra ny famerenam-bola mialoha ny hindramana ny vola hampiasaina. Tokony ho fantam-pantatra mialoha ny tombony ho azo hanalana ny renivola sy ny zanany. Iray amin'ny fandaniana ao amin'ny fandaminana ara-bola mialoha atao ny ny sandan'ny trosa.

Ampy ihany ve ny vola azo aorian'ny fandoavana trosa hahitanao fa rariny ny hanaovana izany?

HETSIKA FANAOVANA DINGANA

TSIROAROA

Mivavaha ary mangataha amin'Andriamanitra hanampy anao mba tsy haniry ireo zavatra tsy anananao nefa tsy ilainao. Aoka ho feno fankasitrahana ny amin'izay efa nomeny anao.

Lesona 9: Miala Amin'ny Trosa

Hevi-dehibe

Afaka miala amin'ny trosa isika raha:

- miaiky ny fahadisoantsika ary manapa-kevitra ny hiova
- manombo ny filàna ankehitriny mba hananantsika fahafahana amin'ny ho avy
- mivarotra izay zavatra tsy tena ilaina mba hahazoam-bola
- mitady hevitra ary manomana lamina ho an'ny fiovana tsikelikely hanefana ireo trosa tsy mbola voaloa
- mangataka ny fanampian'Andriamanitra ary manantenà an'izany

Fitaovana

- Torolalana ho an'ny Mpianatra: Ahoana no hialana amin'ny trosa
- Takela-taratasy lehibe sy penina hanehoana ny ohatra
- Voa 10, tsaramaso na vatokely

Fampidirana

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

- Ny ankamaroany sa ny sasany sa vitsy amin'ny mponina eo amin'ny fiaraha-monina misy anao no manao trosa amin'ny fotoana manokana ao anatin'ny taona?
- Ny ankamaroany sa ny sasany sa vitsy amin'ny olona ao am-piangonanao no manao trosa amin'ny fotoana manokana ao anatin'ny taona?
- Heverinao ve fa azo atao ny manafoana ny trosa rehetra? Raha eny, nahoana? Raha tsia, nahoana?
- Hevitra manao ahoana no atolotrao ny hafa hahafahany miala amin'ny trosa?

Betsaka ny olona efa ao anaty trosa ka mitady lalana hialana amin'izany.

Ahoana ny atao hialana amin'ny trosa

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

1. Ekeo ny fahadisoanao ary manapaha hevitra hiova.

Miaike fa tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra ny fomba mahazatra fandanianao vola tsy voafehinao. Andriamanitra dia mamindra fo amin'izay miaiky heloka ary manova ny fombany. Ohabolana 28:13 dia milaza fa, "Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindram-po."

Rehefa miaiky isika dia mila manapa-kevitra sy mijoro mba tsy ho tafiditra amin'ny trosa tsy ara-drariny intsony.

TSIROAROA

- Zarao amin'ny hafa ny fotoana iray izay niainanao ny famindram-pon'Andriamanitra na niaiky fahadisoana ianao ka niaina fiadanam-po sy fahafahana vokatr'izany.
- Mieritrereta ohatra iray tamin'ny fiainanao rehefa nanapa-kevitra hijoro amin'ny zavatra iray kasaina hatao. Sarotra sa mora izany? Inona no nitranga avy eo?
- Mahatsapa ve ianao fa afaka hijoro sahala amin'izany mba tsy hahalatsaka anao ao anatin'ny trosa intsony?

2. Manombo ny filana ankehitriny mba hananana fahafahana.

Mety hiaina amin'ny fomba tsotra ianao mandritra ny fotoana iray. Mihevera tsara mialoha ny hividy zavatra lafo vidy. Aza mividy zavatra izay tsy tena ilainao akory. Aza alaim-panahy hivarotra ny vokatrao mialoha na ny

entana ao an-tsenanao hamidy mora satria mila vola maika ianao. Aoka hiaina am-pahamalinana araka ny teti-bola nataonao ary mifehy tena araka izay azo atao hahafahanao mivarotra ny vokatrao amin'ny fotoana mety na ny zavatra hamidy amin'ny vidiny feno. Raha izany dia hiakatra ny vola miditra aminao amin'ny taona manaraka ka hahafahanao mahazo zavatra hafa.

3. Mivarotra izay zavatra tsy tena ilaina.

Nolanianao tamin'ny zavatra tsy dia ilainao amin'ny fiainanao ve ny vola nindraminao? Misy zavatra azonao amidy ve ao an-trano hanampy anao hiala amin'ny trosa? AZA AMIDY izay zavatra mety hanampy anao hampidi-bola raha tsy hoe kely noho ny zana-bola tokony aloanao ny tombony mety ho azonao aminy.

Tsiroaroa:

- Miaraha mivavaka.
    - Angataho Andriamanitra hiaro ny fonao ary hanampy anao mba tsy hitsiriritra zavatra tsy mila anananao akory.
    - Angataho Andriamanitra haneho anao raha misy zavatra tsy dia ilaina ao an-trano fa tsy azo an-tsaina.
    - Angataho Andriamanitra hanome anao tolo-tsaina sy fahendrena hanaovanao lamina hahafahanao mandoa haingana ny trosanao.

4. Mitadiava hevitra ary manaova lamina handoavanao tsikelikely ny trosa mbola tokony aloanao.

Afaka manomana mialoha isika ary mampiasa ny teti-bolantsika handoavana ny trosa rehetra. Fantarina izay zavatra azo ahena na azo esorina amin'ny fandaniantsika ao an-tokatrano.

- Inona avy ireo fomba azon'ny ankohonanao na ankohonana hafa atao hampihena ny fandaniany?
    - *Ohatra: ahena ny fividianana mofomamy na siramamy isan-kerinandro; mamboly zavatra mety ilaina, ahena ny fandaniana amin'ny fety, mampiasa fitateram-bahoaka toy izay hampiasa moto handehanana mianatra na miasa.*
- Inona avy ireo fomba nataon'ny olona hampihenana ny fandanian'ny orin'asany?
    - *Ohatra: manamboatra zezika toy izay mividy; mividy zavatra any amin'ny mpivarotra tsy dia tiana loatra nefa mora entana, mampiasa fitateram-bahoaka toy izay moto hanaterana entana.*

Ndao hijery ohatra ny amin'ny fanaovana lamina mialoha hahafahana mandoa ny trosa.

FANEHOANA AMIN'NY VONDRONA REHETRA

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Sorato eo anatrehan'ny rehetra ny ohatra amin'ny tabilao. Raha azo atao, sorato mifanakaiky ny tabilao roa mba ho mora ny fampitahana azy.*

Maria

Maria sy Jaona dia tototry ny trosa.

Isan-taona dia mandray Ar 1.950.000 ary tokony handoa trosa dimy volana Ar 300.000 isam-bolana sy zana-bola Ar 150.000 izy ireo. Isan-taona dia toy izany foana, dimy volana mialoha ny fijinjana dia tsy manam-bola intsony izy ary mindrana Ar 300.000 hamelomana ankohonana mandra-pahatongan'ny fotoam-pijinjana.

Toy izao ny fisehon'izany:

Fiverimberenan'ny trosa matetika:	
Vola azo	Ar 1.950.000
- Vola aloa isam-bolana (5 volana)	Ar 300.000
- Zana-bola	Ar 150.000
- Fandaniana	Ar 1.800.000
= Total (Vola tokony indramina)	-Ar 300.000

Nanampy an'I Maria sy Jaona i Dorcas. Nanampy azy hanao lamina izy ary hihevitra ireo fomba fandaniana vola rehetra. Rehefa mijery ny teti-bola dia nanoso-kevitra izy mba hampihenana amin'ny ampahafolony ny sakafo sy ny tsakitsaky isam-bolana. Mety hisy fifehezana aterak'izany nefa raha mamboly legioma ho azy izy ary manova ny fomba famahanany ny akohony dia mety hisy fiantraikany ihany izany. Satria Ar 300 isan'andro izany dia nanaiky hanandrana hanaraka izany soso-kevitra izany I Maria. Notsiahivin'i Dorcas azy fa mila mifehy tena mandritra ny fotoana fohy raha te hanana fahalalahana ara-bola.

Toy izao ny lamina natao ho an'ny taona voalohany:

Taona Voalohany	
Vola azo	Ar 1.950.000
- Vola tokony aloa (taona lasa)	Ar 300.000
- Zana-bola	Ar 150.000
- Fandaniana (nahena)	Ar 1.680.000
= Total (Vola tokony indramina)	-Ar 180.000

Toy izao ny lamina natao ho an'ny taona faharoa rehefa vita ny voalohany:

Taona Faharoa	
Vola azo	Ar 1.950.000
- Vola tokony aloa (taona lasa)	Ar 180.000
- Zana-bola	Ar 72.000
- Fandaniana (nahena)	Ar 1.680.000
= Total (tsy misy vola tokony indramina)	Ar 18.000

TSY MISY VOLA TOKONY INDRAMINA. Amin'ny taona faharoa, dia efa manana fahafahana ara-bola I Maria. Tsy mila mindrana intsony izy.
Mbola tsara lavitra noho izany, manana ambim-bola izy amin'ny taona fahatelo afaka ampitomboiny na hividianany izay tiany. Na hampiakariny ho Ar 1.800.000 aza ny fandaniany dia mbola manana Ar 150.000 azony ampiasaina izy. Ary ampitomboiny ampahendrena izany dia hahazo vola bebe kokoa izy amin'ny taona manaraka.

Taona Faharoa	
Vola azo	Ar 1.950.000
- Vola tokony aloa (taona lasa)	
- zana-bola	
- Fandaniana (nahena)	Ar 1.800.000
= Total (tsy misy vola tokony indramina)	Ar 150.000

- Ahoana no nanampian'I Dorcas ny namany Maria?
    - *Nampiany hamantatra izay mety ovaina amin'ny fandaniana ataony. Ar 300 isan'andro fotsiny izany.*
- Inona no azontsika ianarana avy amin'ny zavatra nataon'I Dorcas sy Maria?
    - *Ny fampihenana na dia kely fotsiny ihany aza ny fandaniantsika dia manampy handoavana ny trosa rehetra*
    - *Afaka manala ny trosa rehetra isika amin'ny fanaovana lamina sy fifehezan-tena amin'ny zavatra kely tsy araka ny eritreretina.*
    - *Mangataha fanampiana amin'ny olona azo antoka hijery ny teti-bolantsika satria tsara ny afaka amin'ny trosa.*

Torohevitra ho an'ny Mpandrindra: *Ataovy azo antoka fa azon'ny rehetra ny fiantraikan'ny fanovana kely ka manala amin'ny trosa. Atolory ny* ***TOROLALANA HO AN'NY MPIANATRA*** *momba ny fomba ialana amin'ny trosa. Ivereno jerena ny ohatra ary jereo akaiky ireto dingana manaraka ireto:*

Dingana 1: Mikajy ny vola azo (Fitambaran'ny vola miditra)
Dingana 2: Manala ny trosa (Vola tokony aloa isam-bolana)
Dingana 3: Manala ny zana-bola (zana-bola tokony aloa)
Dingana 4: Manala ny fandaniana (isam-bolana sy fandaniana hafa)
Dingana 5: Mikajy ny fitambarany
Raha betsaka noho ny ilainao ny anananao dia lasa trosa ny elanelana misy
Avereno isan-taona.

FANAMARIHANA – raha mampianatra mpino ao am-piangonana, dia tsy maninona na tsy ny rehetra aza no mahafehy ny fikajiana. Na izany aza, raha mpampiofana ianao ka manofana olona hampiofana indray dia tsara raha manao fanazarana bebe kokoa mba ho mora kokoa aminy ny manampy ny vondrona hofaniny. Ny ohatra roa manaraka dia natao ho an'ireo izay mbola hanofana ny hafa fa tsy ho an'ny fiangonana manontolo.

Ohatra 1: Vola miditra Ar 2000, Indramina Ar 700, tahan-jana-bola 15%, fandaniana Ar 2000 + zana-bola.

Taona 1

Vola Miditra	2000
Vola Aloa	-700
Zana-bola	-105
Fandaniana	-2000
Vola Indramina Vaovao	-805

Taona 2

Vola Miditra	2000
Vola Aloa	-805
Zana-bola	-120.75
Fandaniana	-2000
Vola Indramina Vaovao	-925.75

Miha mitombo isan-taona ny vola tokony indramina. Na izany aza anefa raha misy manolo-kevitra izy ka analany Ar 200 ka lasa Ar 1800 ny fandaniana ary ampiana Ar 20 ny vola miditra ka lasa Ar 2120

Taona 1

Vola Miditra	2120
Vola Aloa	-700
Zana-bola	-105
Fandaniana	-1800
Vola Indramina Vaovao	-485

Taona 2

Vola Miditra	2120
Vola Aloa	-485
Zana-bola	-72.75
Fandaniana	-1800
Vola Indramina Vaovao	-237.75

Taona 3

Vola Miditra	2100
Vola Aloa	-237.75
Zana-bola	-35.66
Fandaniana	-1800
Fitambarany – tsisy trosa intsony	46.59

Ndao hijery ohatra hafa. Vola miditra Ar 3000, Vola indramina Ar 1200, Tahany 20%, Fandaniana Ar 2800 + zana-bola.

Taona 1

Vola Miditra	3000
Vola Aloa	-1200
Zana-bola	-240
Fandaniana	-2800
Vola Indramina Vaovao	-1240

Taona 2

Vola Miditra	3000
Vola Aloa	-1240
Zana-bola	-248
Fandaniana	-2800
Vola Indramina Vaovao	-1288

Miha mitombo isan-taona ny vola tokony indramina. Na izany aza anefa raha misy manolo-kevitra izy ka analany Ar 200 ka lasa Ar 2600 ny fandaniana ary ampiana Ar 200 ny vola miditra ka lasa Ar 3200

Taona 1

Vola Miditra	3200
Vola Aloa	-1200
Zana-bola	-240
Fandaniana	-2600
Vola Indramina Vaovao	-840

Taona 2

Vola Miditra	3200
Vola Aloa	-840
Zana-bola	-168
Fandaniana	-2600
Vola Indramina Vaovao	-408

Hitantsika eto fa afaka 2 taona raha tokony niakatra ho Ar 1288 dia nihena ho Ar 408 izany. Ohatrinona ny zana-bola tokony aloa amin'ny Ar 1288? Ar 1288 x 0.20 = 257.60. Noho ny fiovana nisy dia lasa mandoa Ar 408 x 0.20 izany hoe Ar 89.60 fotsiny. Lehibe izany elanelana izany. Ndeha hotohizana.

Taona 3

Vola Miditra	3200
Vola Aloa	-408
Zana-bola	-81.60
Fandaniana	-2600
Fitambarany Vaovao – tsy misy trosa intsony	-89.6

Tsy mbola afaka tanteraka ny trosa saingy amin'ny taona manaraka dia mora ny fanilihana an'izany.

HO AN'NY MPAMBOLY IHANY – Mifanakaloza hevitra:
Raha ohatra ka ny fivarotana vokatra mialoha ihany no fomba afaka hahazoana vola indramina dia mila mitady olona tena atokisana ka izy no iarahana miasa. Ny tanim-boly kely kokoa no fidio hamidy hahazoana vola hivelomana ka afaka hijinja ny vokatra amin'ny tanim-boly lehibe ianao ka tsy ho very vola. Na amboleo zavatra azo jinjaina mialoha ny ampahany amin'ny tanimbolinao, katsaka ohatra, mety hanome asa bebe kokoa izany, afaka amidy ny vokatra hahazoana vola aloha toy izay hivarotra mialoha ny vokatra rehetra. Mitadiava hevitra.

(Raha amin'ny toerana tsy hahafahana mindrana vola isam-bolana dia mieritrereta fomba hafa hahafahana manampy azy ireo mba ampihenana ny vola veriny amin'ny fandoavana zana-bola isan-taona.)

5. Mangataha fanampiana amin'Andriamanitra ary manantenà Azy

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA LEHIBE

Ny dingana farany atao mba hialana amin'ny trosa dia ny fangatahana fanampiana avy amin'Andriamanitra. Mazava ho azy, tokony hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra isika raha manantena Azy hanampy.

Henoy ity tantara ity:

> Indray andro dia nanatona ny mpifanolo-bodi rindrina aminy ity lehilahy iray hangataka fanampiana amin'ny fandoavana ny trosany. Nindrana 2,500 ary 10% tahan'ny ny zana-bola mitombo, 7 volana taty aoriana dia milaza izy fa 6,000 no tokony averiny. Rehefa nanao ny kajiny ilay nindramana dia

hitany fa tena diso tanteraka izany, nefa tsy hain'ilay mpindrana ny mikajy ny vola tokony averiny sy ny zana-bola. Tena sahirana ara-bola foana ity lehilahy ity. Rehefa nihaino ny tantarany ilay mpifanolo-bodirindrina ka naheno ny loza ara-bola manjo ity lehilahy ity dia nanontany tena hoe "Nahoana no tsy ampian'Andriamanitra ity lehilahy ity? Nahoana no misy trosa foana izy? Noho ny tsy fahamarinana avy amin'ny hafa ve izany?" Avy eo dia nanomboka nitantara indray ilay lehilahy ny amin'ny diany tany amin'ny mpanandro. Nilaza ity farany ho ratsy aminy ity taona ity ka dia nino izany izy.

Andriamanitra dia nilaza fa hanana olana ara-bola izay tsy mankato.

- Heverinao fa mpankato ve ity lehilahy ity?

Tantara iray hafa avy ao anaty Baiboly ity:

Rehefa nanomboka niverina tao Jerosalema ireo jiosy babo tany Babilona dia nanomboka nanorina indray ny tempoly izy ireo nefa tsy nahavita. Ny mpaminany Hagay dia nananatra mafy ireo vahoaka izay nipetraka tamin'ny trano tsara nefa ny tempoly izay tranon'Andriamanitra dia rava. Nampitandrina azy ireo izay fa tsy hahita fitsaharana sy tsy hahazo fitahiana izy ireo raha tsy faly aminy Andriamanitra.

Vakio Hagay 1 rehetra hatramin'ny 2:19.

- Vokatry ny tsy fankatoavana foana ve ny olana ara-bola?
    - *Ny olana ara-bola dia tsy vokatry ny tsy fankatoavana foana. Davida dia nitaraina mikasika ireo ratsy fanahy ambinina nefa Davida koa dia nilaza fa tsy mbola nahita ny marina tsy manan-kohanina izy. (Salamo 37:25).*

Ny olana ara-bola matetika no fomba entin'Andriamanitra misarika ny saintsika. Rehefa miatrika olana ara-bola isika dia tokony hiato ary handinika ny fiainantsika, hibebaka ny amin'izay tsy mety natao ary mangataka ny famindram-pon'Andriamanitra. Raha mitohy miaina fiainana tsy amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra isika dia tsy tokony hanantena ny fitahiany sy ny famindram-pony.

HETSIKA FANAOVANA DINGANA

- Manapaha hevitra hanao lamina hampihenana ny trosanao raha misy.
- Mifanakaloza hevitra amin'ny ankohonana ny amin'io lamina io ary asaivo mifanaiky ny rehetra fa hanaraka azy.
- Mivavaha mangataka ny fanampian'Andriamanitra hampihena ny trosa ary manantena Azy.

FAMERENANA

Isika dia didin'Andriamanitra ho mpitantana tsara sy mahay ny vola omeny.

FIFANAKALOZANA ANATY VONDRONA KELY

Mitanisà hevitra 10 nianaranao tao anatin'ity fampianarana ity.
Inona avy ireo zavatra efa natombokao nampiharina? Inona koa no mbola azonao ampiharina manomboka androany?

Tatitra

Tian'Andriamanitra hankafy fahafahana ara-bola isika. Tsy tiany ho andevon'ny vola isika na koa hanahy foana ny amin'ny vola. Raha mampiasa ny fitantanam-bola tsara isika ka manontany hevitra aminy sy mangataka ny fanampiany dia hahafantatra ny fahafahana.

Miaraha-mivavaka ho famaranana.